TOROLALANA

HO AN'NY MPANAO GAZETY











HAHATONGAVANA AMIN'NY
FIKIRAKIRANA VAOVAO MARINA,
TOMPON'ANDRAIKITRA
ARY AHITANA TARATRA NY
FAHASAMIHAFAN'NYVAOVAO
ATOLOTRA

ty torolalana ho an'ny mpanao gazety ity dia isan'ireo vokatra ao anatin'ny tetikasa « *Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix*, *Leadership et Stabilité* » - *INCIPALS (www.incipals.eu)*, na "Aingan'ny Olom-pirenena ho Fanamafisana Orina ny Filaminana, ny Fahaiza-mitarika ary ny Fitoniana.

Ny Vondrona eropeanina no mpamatsy vola ity tetikasa ity, ary iarahan'ny Centre Européen d'Appui Electoral (*ECES*), ny Osservatorio di Pavia (*OdP*), ny Search for Common Ground (*SFCG*) ary ny Center for Creative Leadership (*CCL*) manatanteraka.

Maneho fisaorana feno an'ireo rehetra nandray anjara tamin'ny fanatontosana ity torolalana ity. Fisaorana manokana no atolotra ny Osservatorio di Pavia sy ireo mpiara-miasa rehetra ao amin'ny Sampana Fandalinana ny Asa Fanaovan-gazety na Unité de Monitoring des Médias.

1 - Ireo teny maherisetra hita tany anaty adihevitra: fiteny mankahala, fiteny tsy mendrika, fomba fiteny mahatohina

» p.6

2 - Ny fiheverana ny vehivavy : fanomezan-danja na fanilikilihana azy, fiheverana raiki-tapisaka momba ny vehivavy

» p. 13

3 - Vaovao mari-pototra sa tsaho? Ny fanamarinana ny loharanom-baovao

» p. 19

4 - Ny fomba fampitana ireo disadisa

(mety) hiteraka korontana

» p. 24

5 - Hevitr'olon-tokana sa marolafy, fiandaniana, tsy fitanilana sy fampielezankevitra

» p. 30

p. 6 1A - Ireo fiteny mankahala sy manala baraka ary manaratsy olona

p. 13 2A - Ireo hevitra raiki-tapisaka

p. 15 **2B** - Tsy tazana loatra ny vehivavy na tsy hita taratra ny fifandanjana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy

p. 15 2D - Fialana amin'ireo fiheverana raiki-tapisaka

p. 16 **2E** - Fampifandanjan'ny lehilahy sy vehivavy akana vaovao

p. 17 **2F** - Fanomezan-danja manokana ireo lohahevitra mahaka sika ny lehilahy sy ny vehivavy

p. 19 3A - Loharanom-baovao ny tsaho

p. 20 3B - Fantatra ny loharanom-baovaosa

p. 22 3D - Sarobidy ny vaovao, malalaka ny fanehoan-kevitra

p. 24 4A - Disadisa tamina fifidianana

p. 27 4B - Ireo disadisa (mety) hiteraka korontana manana endrika politika sy mahakasika ny fandriam-pahalemana

p. 28 4D - Ny disadisa (mety) hiteraka korontana manana endrika ara-toe-karena: tranga tetsy Analakely

p. 30 **5A** - Fahasamihafan'ny fomba fijery

p. 31 5B - Ny fitanilan'ny haino aman-jery

p. 32 5D - Ny fampifangaroana ny vaovao sy ny fampielezan-kevitra ary ny dokam-barotra

Tondro

» p. 35 - 36

Anisany asa andrandraina amin'ny Sampana Mpanara-maso ny Tontolon'ny Asa Fanaovan-gazety ny fampiasana ireo toro eo am-pelatanany izay tsy hafa fa vokatry ny fandalinana nataony mikasika ny fomba fiasan'ireo haino vaky jery. Tsara anefa ny manamarika fa tsy fanakianana na fanasaziana no atao - fa izany dia andraikitr'ireo manana ny fahefana hanao izany -, fa kosa fanasongadinana ireo tsy mety hita tamin'ireo toro nokirakiraina. Ny tanjona moa dia ny mba hanentanana ireo izay voakasik'izany ary koa hisarihana ny sain'ny rehetra ny amin'ny atao hoe fahafahana sy ny andraikitry ny mpanao gazety eo anivon'ny firenena.

Tsy mitovy amin'ny fahalalahana hieritreritra sy hisaina tokoa manko ny fahalalahana haneho hevitra, fa misy fetrany. Mitaky adidy aman'andraikitra izany ary ny fiarovana ny zon'ny hafa no fetrany. Eken'ny tontolon-dalàna iraisam-pirenena sy ireo lalàna miaro ny fahafahan'ny haino vaky jery rahateo izany fetra izany. Mazava ho azy fa voalaza ao anatin'ireo fa ny fetra dia ilaina ary faritan'ny lalàna hifanaraka amin'ny tanjona voalazan'ireo lalàna efa misy.

Mifanindran-dalana amin'izany ihany koa ireo lalàna mifehy ny asa fanaovan-gazety, izay manery ny mpikirakira vaovao hanaja fitsipi-pitondran-tena ka ahitana ireo izay tsy tokony hataon'izy ireo eo am-panatanterahana ny asany. Mitaky ihany koa ny fanajana ny fenitry ny asa eo amin'ny fikirakirana sy fampitana vaovao, mba hananan'ny mpanjifa vaovao marina, feno ary maro karazana.

Nahafahana nanaraka ireo gazety an-tsoratra, fampielezam-peo sy fahitalavitra ary ireo tranokala mizara vaovao ny asan'ny Sampana Fanaraha-maso ny Asa Fanaovan-gazety. Marihina moa fa ity sampana ity dia miasa ao anatin'ny tetik'asa INCIPALS, izay vatsian'ny Vondrona eropeanina vola. Hita tamin'izany ireo endrika sy fomba fiasa samihafa, fa indrindra koa nahafahana nanaraka ny fanajana ireo izay takian'ny lalàna sy fitsipi-pitondran-tena.

Ny hanolotra singa hoentin'ireo izay liana amin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety mandinika no tanjon'ity torolalana ity, ankoatra ny maha fitaovana hoentin'ireo mpanao gazety manatsara ny asany azy.

Ahitana tranga vitsivitsy manaporofo ireo tsy fanajana ny fenitra sy ny fitsipi-pitondran-tena ity torolalana ity. Fa misy koa ireo fomba fiasa mendrika sy tsara amporisihina noho izy ireo mamaly ny filàna mifanaraka amin'izay takian'ny fenitry ny asa fanaovan-gazety sy ny maha matianina. Misy ihany koa ireo fanontaniana navadika ho petrak'olana mba hahafahana manasongadina ireo fomba fijery, ireo takiana ary ireo teritery tsy azon'ny mpanao gazety ialana.

Ireo tranga mahafeno ny tian-kambara ihany no noraisina, tsy nisy fiheverana izay mety ho antontan'isa ary arakaraka ny sokajy misy azy, dia ireto avy izany:

- 1. Ireo teny maherisetra tany anaty ady hevitra: fiteny mankahala, fiteny tsy mendrika, fomba fiteny mihantsy;
- 2. Ny fiheverana ny vehivavy : fanomezan-danja na fanilikilihana azy, fiheverana raiki-tapisaka momba ny vehivavy;
- 3. Vaovao marim-pototra sa tsaho ? fanamarinana ny loharanom-baovao ;
- 4. Fomba fampitana ireo disadisa (*mety*) niteraka korontana ;
- 5. Ny fakana fomba fijery samihafa na tsia, tsy fiandaniana, ny fitanilàna, ary fandokafana olona iray.



1. IREO TENY MAHERISETRA HITA TANY ANATY ADY HEVITRA : FITENY MANKAHALA, FITENY TSY MENDRIKA, FOMBA FITENY MAHATOHINA

Toy ireo mpisehatra amin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety, dia mahalala tsara ireo mpanara-maso eo anivon'ny Sampana fa ny zo haneho hevitra, izay heverina fa anisan'ireo fototra lehibe iorenan'ny fiarahamonina mandala ny demokrasia dia tsy maintsy mifanindran-dalana amina zo samihafa, toy ny zo ho amin'ny fahalalahana ara-tsaina, fahalalahana hisafidy finoana, zo tsy hiharan'ny fanavakavahana, ankoatr'izay dia andraikitry ny mpanao gazety ihany koa ny miaro ny haja sy ny fiainana manokan'ny olona voasingotra ao anatin'ny vaovao ampitainy. Fantatr'ireo mpanara-maso ireo ihany koa fa mety hiteraka olana ny fampifanarahana ireo zo sy adidy ireo satria samy mendrika sy arovana daholo.

Na dia sarotra aza ny hahita marimaritra iraisana eo amina zo sy tombotsoa dia niezaka ihany ny Sampana Fanaraha-maso ny Asa Fanaovangazety nanatanteraka ny asany, izay nifantoka betsaka tamin'ireo fiteny sy fomba fiteny nanahirana re sy hita tamin'ny haino vaky jery, avy eo dia nanasokajy izany arakaraky ny fahasarotany.

Tao ireo fomba fiteny izay voararan'ny lalàna (indrindra ireo fiteny mankahala, fiteny manala baraka sady manaratsy olona, ka mety hanimba ny fomba

Toy ireo mpisehatra amin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety, dia mahalala tsara ireo mpanara-maso eo anivon'ny Sampana fa ny zo haneho hevitra, izay heverina fa anisan'ireo fototra lehibe iorenan'ny

Iretsy voalohany iretsy aloha no horesahina mialoha. Tsiahivina ihany anefa fa fitsipi-pifehezana sy fitsipi-pitondran-tena maro no tsy mamporisika ny fanaovana fiteny tsy mendrika, indrindra moa rehefa amin'ny vanim-potoanan'ny fifidianana izay fotoana tokony hanaovan'ny haino vaky jery ny asany ao anatin'ny fametrahana fitoniana sy itondrany adihevitra milamina ary mitondra voka-tsoa.



A. IREO FITENY MANKAHALA SY MANALA BARAKA ARY MANARATSY OLONA

Na dia matetika aza no ahenoana an'izany hoe « fomba fiteny mankahala » izany dia tsy mbola misy aloha hatreto ny famaritana azy eken'ny rehetra. Na izany aza anefa, misy ihany ireo fitoviana amin'ny fiheverana azy. Ka ny « fomba fiteny mankahala » dia ireo fiteny sy fomba fiteny manaparitaka, mandrangitra, mandrisika ary manome rariny ny herisetra, ny fankahalana nohon'ny tsy fitoviana, ny fankahalana vahiny sy ireo endrika fankahalana rehetra mifototra amin'ny fiandaniana (fiandaniana ara-pinoana, fitiavan-tanin-drazana miendrika fandranitana, fanavakavahana, tsy fitiavana ireo olom-bitsy, mpifindra monina, sns.).

Mazava tsara kosa ny famaritana ny atao hoe fanalam-baraka sy fanaratsiana olona. Ilay voalohany dia filazana na fanamelohana amina tranga iray ka mety hanohitohina ny haja na ny fiheverana ilay olona voatonona. Raha tsy misy ny porofo dia azo heverina ho fanaratsiana izany².

Koa satria mafy ary mety hiteraka olana amin'ny olona na vondron'olona iantefany na koa ny olona rehetra amin'ny ankapobeny ity fomba fiteny ity dia rariny loatra raha mifantoka amin'io ny tolo-kevitra aroso voalohany: amporisihina ny tsy fampiasana fomba fiteny toy ireny. Marihina moa fa voarakitra ao anatin'ny antontan-kevitra roa efa navoakan'ny sampana mirakitra ny Tatitra Momba ireo Fiteny sy Fomba Fiteny tsy mendrika ary Fomba Fampitana ireo Disadisa (*mety*) Niteraka Korontana³ ny tranga rehetra ary asaina ny hamakiana izany Tatitra izany, raha te hahafantatra bebe kokoa ireo tranga niverimberina sy ny fahasarotany. Tsy voatery ho ireo tranga tena manahirana ireo no nosafidiana ato anatin'ity andininy ity fa kosa izay ahafahana mandinika ireo fetra misy eo amin'ny fahalalahana haneho hevitra sy ny tsy fanajana ny fenitra sy ny fitsipika mifehy ny asa fanaovan-gazety.

Tranga 1

Matetika no ahitana fampiasana fehezanteny miendrika fanontaniana rehefa mitady fomba hanasoketana olona tsy misy porofo ny haino vaky jery. Ny gazety an-tsoratra manokana dia mampiasa izany endrim-pehezanteny izany amin'ny matoan-dahatsoratra. « Fangalarana ny ombin'i Mara Niarisy - Rajaonarimampianina no nanome ny baiko? » (Gazety an-tsoratra, 25 septambra 2015).

Mihantsy ilay lohateny ary manameloka olom-panjakana iray, izay tononina mivantana, ary tsy misy porofo mazava na filazana ofisialy fa tena nisy tokoa izany (*raha tsy izany tsy misy antony tokony ho nahatonga ilay mpanao gazety nampiasa fehezanteny miendrika fanontaniana*). Toa hita eto amin'ity ohatra ity avokoa ireo fepetra rehetra mamaritra ny atao hoe manala baraka olona - fanondroana olona iray ho voasingotra amina tranga iray ka mety hanohitohina ny fiheveran'ny hafa azy. Na izany aza, ny fampiasana fehezanteny miendrika fanontaniana dia azo iheverana fa petra-kevitra no nataon'ilay mpanao gazety fa tsy fanamelohana. Noho izany dia afaka manamarin-tena ihany ity farany raha sendra misy ny fitoriana azy.

Mampisalasala ny hanasokajy ilay lahatsoratra ho isan'ny fanaratsiana olona raha ilay lohateny fotsiny no jerena, hany ka tsy maintsy novakiana mba hahafahana manao tombana. Saingy tiana ny manamarika fa na eo aza ireo karazana fifandresen-dahatra amina tombana araky ny lalàna ary ny inona na inona tao antsain'ilay mpanao gazety, ireo hevitra nandresen-dahatra naroso tao anatin'ny lahatsoratra miampy ilay lohateny manaitra (na dia manafitohina aza) dia inoana fa nisarika ny mpamaky ary niteraka fiahiahiana sy fiheverana ratsy momba ilay olona voatonona. Mateti-pitranga ny toy ity, indrindra amin'ny gazety antsoratra ka amporisihina ny tsy fanaovana izany intsony.

Tranga faha 2

N y 15 oktobra 2015 dia nisy gazety mpiseho isan'andro iray nanameloka no sady nanao teny nampiahiahy ny mpamaky mikasika ny vakisiny faobe iadiana amin'ny lefakozatra izay notanterahin'ny fitondram-panjakana manerana ny nosy. Hoy ilay mpanao gazety tao anatin'ny lahatsoratra nosoratany: «Manatanteraka andrana tsy dia mazavaza amin'ny zaza malagasy ny ministeran'ny Fahasalamambahoaka mba hahazoany fanampiana. Atao jono sy atao sorona ireo zaza ireo hampitomboana ny famatsiam-bolan'ny ministera. ».

Matetika miseho koa ity fomba fanoratra iray ity: manondro andrim-panjakana fa tsy milaza anaran'olona mazava. Voalohany aloha dia ahafahan a miaro ilay mpanao gazety ity fomba ity raha sendra ka mampiakatra fitsarana ny raharaha ny olona tohina amin'izany. Na izany aza anefa dia tsy azo lavina fa manahirana ihany izany fomba filaza izany ary mahatonga ny olona hametra-panontaniana momba ny fahaizamanao sy fahitsian'ilay andrim-panjakana iray manontolo ka mety hiheverana fa tsy manatanteraka ny asany araka ny tokony ho izy ny mpiasa ao fa voatambin'ny vola.

Izay tena vao maika manahirana amin'ity ohatra iray ity dia tsy miendrika fanehoan-kevitra ilay fanaso-ketana na ahiahy mitaky fanadihadiana manokana fa dia toy ny tranga tena misy mihitsy. Ankoatra izay dia mety hiteraka fitaintainana ho an'ny vahoaka ny tsaho aely anaty lahatsoratra an-gazety toy izao.

ty tranga hoentina manaraka ity I indray dia manaporofo ny fisiana fiteny manaratsy olona mivadika ho fiteny mankahala. "Nody ny mpanao jadona." io no lohateny navoakana gazety mpiseho isan'andro iray teo amin'ny matoa-dahatsorany raha niresaka ny fiverenan'ny Filoha teo aloha, Marc Ravalomanana, teto an-tanindrazana izy, nampiarahany tamin'izany lohateny izany. Ankoatra izay dia nokianin'ity gazety ity mafy ny fanambarana nataon'Andriamatoa Marc Ravalomanana fony izy nidina teny amin'ny Magro Behoririka ka nilazany fa "Ahy ity tany ity". Hoy ilay gazety: "Asehon'Andriamatoa Marc Ravalomanana hatrany amin'ny olona rehetra fa toy ny taratasy entina any an-davapiringa no iheverany ny fanapahan-kevitry fitsarana izay namoana ny fanofany an'io tany io." Sady masiaka no tsy mihaja ity fomba fiteny ampiasana eto ity. Manampy trotraka ireo mpamaritoetra sady ratsy no mampietry toy ny hoe "Mpanao jadona" sy "mpanakorontana" nanakianana an'ilay mpanao politika.

Ankoatra ireo fiteny tsy mendrika sy mihantsy, dia nisy mihitsy ny fandrahonana nahazo ity Filoham-pirenena teo aloha ity: "Mihevitra ny tenany ho tsy maty manota ity rangahy ity, mihevitra ny tenany ho Mesia... fa amin'ny andro tsy ampoiziny no hiainany indray ny ngidin'ny fijaliana toy ireny tamin'ny 2009 ireny. Fampitandremana voalohany izay." Toa miantso herisetra sy fankahalana ilay fomba fiteny na dia an-kolaka aza.

REO FOMBA FIASA TSARA HOTOHIZANA SY IZAY TOKONY HAJANONA

A za misafidy lahatsoratra mifono fanamelohana tsy misy porofo, eny fa na dia amin'ny endrika fanontaniana na petra-kevitra fotsiny ihany aza. Mety tsy tena hanohana ilay hevitra voalaza sy velabelarina ao anatin'ny lohateny tokoa ny votoatin'ny lahatsoratra saingy kosa mety hiteraka fiheverana diso na hevi-dratsy amin'ireo izay mianona amin'ny famakiana ny lohatenin-gazety.

N fitsipika mifehy ny asa fanaovan-gazety rehetra dia mitaky ny fanasarahana mazava ny zava-nitranga sy ny fomba fijery. Tsara ihany koa raha tsy aseho ho toy ny tranga tena marina ny fitsarana na ahiahy manokana.

Raha misy olona na vondron'olona ahiahiana amina zavatra tsy ara-dalàna, tokony hanamarina ireny vaovao ireny any amina loharanom-baovao tena azo antoka indrindra afaka ka hanome izany hatrany ny mpanao gazety ary mitatitra ny tranga araka izay fomba nisehoany. Tsy misy lalànan'ny asa fanaovan-gazety mandrara ny fanaovana petra-kevitra raha toa ka asongadina tsara fa hevitra manokana izany ary tokony hoporofoina ny antony nametrahana azy (lazaina ny loharanom-baovao, valin'ny fanadihadiana nataon'ny mpahay lalàna sy nataon'ny mpanao gazety). Tokony ho isan'ny olona akana vaovao ilay olona na vondron'olona foto-dresaka mba hahenoana ny heviny.

Raha toa kosa ny tanjon'ny lahatsoratra ka ny hanazava ny zava-misy iray izay tena sarotra amin'ny fomba mahitsy arak'izay azo atao nefa koa misy kiana dia tsy tokony hisy famelezana olona manokana miverimberina izay mety hahatonga ny hafa hihevitra fa mitanila ilay lahatsoratra.

Mafonja kokoa ny kiana sy ny fandresen-dahatra rehefa mifototra betsaka amin'ny fandalinana, fanadihadiana, fanomezana vaovao marina ary hevitra maro lafy. Mifanohitra amin'izany kosa, tsy mahaliana ary mifanohitra tanteraka amin'ny adidin'ny haino vaky jery amin'ny fiarahamonina rehefa ampitaina amin'ny alalan'ny teny ratsy, fandrahonana ary fiteny tsy mihaja.

Raha ireo ohatra telo voalaza ireo no jerena, dia ny mpanao gazety no nampiasa fomba fiteny mihantsy ary tompon'andraikitra feno amin'izany. Etsy an-danin'izay anefa dia sehatra anehoan-kevitra tsy natokana ho an'ny mpikirakira vaovao irery ihany ny haino vaky jery fa maro koa ireo mpisehatra hafa milaza ny heviny ao ary izy ireo koa matetika no manao ny tsy mety. Inona àry no tokony hataon'ny mpanao gazety manoloana izany fiteny tsy mendrika ataon'ny hafa izany?

Raha ny tokony ho izy, dia tsy tompon'andraikitra amin'izay fihoaram-pefy ataon'ny olona ny haino vaky jery, raha toa ka tsy manamafy izay lazain'ito farany izy. Na izany aza, nanaraka ireo endrika fironan'ny mpanao gazety ankolaka amin'ny hevitr'olonkafa ireo mpanara-maso eo anivon'ny sampana ary nanamarina ny fandraisana anjaran'ny mpanao gazety amin'ny fanaparitahana ireo fomba fiteny tsy mendrika.

Nosokajiana roa samihafa ny endrika isehoan'ity sokajy ity arakaraka ireo tranga mateti-piverina: 1) ny fihoaram-pefin'ny mpihaino nandritra ny fandaharana nahafahany niditra mivantana. 2) ireo fomba fiteny tsy mendrika avy amin'ireo mpaneho hevitra ara-politika sy sosialy ka nametrahana mpanao gazety fanontaniana na voatonona tao anaty fampahalalam-baovao, na fandaharana famakafankan-kevitra na koa adihevitra.

FIHOARAM-PEFY NANDRITRA NY FANDAHARANA ANDRAISAN'NY MPIHAINO ANJARA

Sehatra iray lehibe ampandraisana anjara ny olontsotra amin'ny fiainam-pirenena ireo fandaharana natokana hidiran'izy ireo mivantana amin'ny alalan'ny antso an-tariby. Mandritra izany ny mpihaino no milaza ny heviny momba ny fiainana ara-politika, toe-karena sy sosialy, afaka ihany koa izy ireo mizara ny hetahetany, ny filàny sy izay takiany amin'ireo tompon'andraikitra. Raha atao bango tokana, manamora ny fampandraisana anjara ny olompirenena izany fandaharana izany. Ankoatra izay dia ahafahana manombana ny hevitry ny olompirenena manoloana ireo lohahevitra mafanafana. Izany hoe sehatra mety hanamafisana ny fifanakalozan-kevitra sy hananganana toe-tsaina miaina ao anaty demokrasia.

Raha ny fomba fiasa no asiana resaka dia nojerena aloha ny fomba andrindran'ireo haino vaky jery nisafidy ny hampiditra izany karazam-pandaharana izany ny fandraisana anjaran'ny mpihaino. Tsikaritra matetika fa lasa toa sehatra baranahiny tsy dia misy fitsipika hentitra izy ireny, ary afaka miteny izay tiany eny hatramin'ny fandrahonana sy/na fanompana mihitsy aza ary tsy misy akory fanamarihana avy amin'ny mpanentana ny fandaharana. Mety hoe manahy ny hihenan'ny isan'ny olona manjohy azy ve sa kosa mba hahatonga ny olona hazoto handray anjara? Ny ahiana mantsy dia hanjary toy ny « fitaovam-piadiana» eo am-pelatanan'ny mpanao politika hiarovany ny tombotsoany izany ka tsy azo tsinotsinoavina. Izany hoe sehatra anekena ireo fiteny sy fomba fiteny rehetra, eny fa na ny faran'izay mandratra aza noho izy ireo manana anjara toerana betsaka amin'ny paik'ady politika: manetsika sy manamafy ny hevitra ijoroana fijery politika iray.

Ankoatra izay, mitaky fandraisana anjara feno sy mavitrika avy amin'ny mpanentana ny fandrindrana sy ny fisorohana ny fihoaram-pefin'ny mpandray anjara ao anatin'ny fandaharana. Sarotra tokoa izany andraikitra izany satria tsy fantany mialoha izay holazain'ireo olona omena fitenenana.

Tranga faha 4

N y politika no lohahevitra matetika resahina ao anatin'ny fandaharana andraisan'ny mpihaino anjara. Tsy ny politikam-pitantanana fotsiny fa eo ihany koa ny politika araka ilay fahazoan'ny olompirenena azy araka ny fahitany sy iainany azy miainga avy amin'ireo hetsika sy fihetsiky ny mpanao politika. Araka izany dia matetika no mifantoka amin'ny politika araka ny ampiainan'ny mpanao politika azy ny adihevitra na dia atomboky ny mpanentana amina vaovao nisongadina aza ny fandaharana.

Ny 30 septambra 2015 ary dia ny fandaniana ny tetiandron'ny fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimieram-pirenena no nisongadina. Hoy ireo mpihaino sasany: "Ny fandaniana ny teti-bola 2015 nasiam-panovana no tokony ho vain-dohan-draharaha satria efa mila mandoa ny karaman'ny mpiasam-panjakana ny mpitondra ary ankoatra izay dia maro ihany koa ireo olana ara-bola tokony hovahana". "Sady raha lohahevitra iray ihany no hodinihana tsy tokony andaniana vola be iantsoana ny fivoriana tsy ara-potoana.", hoy ny hafa.

Tampotampoka teo, hoy ny mpisehatra iray: "Tokony handinika tsara ny vahoaka malagasy satria dia fanandevozana tsotra izao toy izao manjo antsika izao, mihoatra noho ny fanandevozana aza fa tena vono olona mihitsy. Raha misy olona mifofo ny ainao, tsy maintsy miaro tena ianao."

Mampiharihary amintsika ity ohatra ity fa misy hatrany ny mety fihoaram-pefy ao anatin'ny fandaharana andraisan'ny mpihaino anjara. Mitaky saina vonona hiatrika hatrany avy amin'ny mpanantena ny fandaharana izany.

Malagasy ilay loholona. Na izany anefa, tsy nitonona mivantana nandraisany anjara. "Tsy misy mihitsy ve malagasy manana traik'efa? Tsy malagasy io olona io, na ny manonona ny anarany aza manahirana!" hoy ilay mpihaino.

Nianona tamin'ny fisaorana ilay mpandray anjara fotsiny ilay mpanentana nanoloana izany fomba fiteny mifono fanavakavahana izany. Izany fomba "mijery fotsiny" izany, na raha lazaina amin'ny fomba hafa dia hoe izany safidy mamela mpihaino hiteny malalaka izany dia tsy amporisihina mihitsy raha toa ka miendrika fanaratsiana olona.

Tranga faha 6

any ho any amin'ny volana jolay 2015 tany, dia maro tamin'ireo mpihaino niditra mivantana tamin'ny onjam-peo no niresaka momba ny fitomboan'ny isan'ny vono olona. Tamin'io vanim-potoana io indrindra no nisy olona nihoapefy tsikaritry ny mpanara-maso. Mpihaino telo no namoaka teny mihantsy herisetra sy fitsarambahoaka: "Mendrika ho an'izany lehilahy izany raha ampiharina aminy izay herisetra nataony tamin'ny hafa, ary ampitomboina arivo heny. Tsy fanamelohana ho faty no atao aminy fa aleo ampijaliana. Tapahina ny faladiany, hodirana ny lohaliny, sy ny lohany dia ho tsapany tsara ny fangirifirina nampitondrainy ny hafa." (14 jolay 2015); "Tsy afaka matoky ny mpitandro filaminana intsony isika, ka aza manome tsiny ny vahoaka raha mampihatra ny fitsarany izy. » (15 juillet jolay 2015) "Maninona moa raha ampiharina amin'izy ireo ny fitsarambahoaka?" (23 jolay 2015). Tsy nanao fanamarihana ny tompon'andraikitry ny fandaharana tamin'ireo ohatra roa voalohany ireo, nisafidy ny hangina ry zareo nanoloana ny fihoaram-pefy nataon'ny mpihaino. Tamin'ilay ohatra fahatelo kosa, dia niverina nampahatsiahy ny voalazan'ny lalàna manan-kery ny mpanentana. Ankasitrahana mihitsy ny fandraisana andraikitra toy izany satria dia tsy nianona fotsiny tamin'ny fanitsiana ilay fomba fiteny tafahoatra izy fa koa mbola niroso tamin'ny fandresen-dahatra mazava tsara sy mifanohitra amin'izay voalazan'ilay mpihaino ary mifototra amin'ny lalàna. Araka izany dia nanome tombony ny fanabezana ho olompirenena mendrika izy tamin'ny alalàn'ny fanitsiany ireo fomba fiteny maherisetra ka nanentana ny amin'ny tsy maintsy anajana ny lalàna velona.

REO FOMBA FIASA TSARA HOTOHIZANA SY IZAY TOKONY HAJANONA

Tokony hapetraka ny fitsipika mifehy ireo fandraisam-pitenenana any anatin'ireo fandaharana ampandraisana anjara ny mpihaino ary ampafantarina ireto farany izany. Izany hoe mamaritra fitsipika vitsivitsy mazava nefa koa mitombina hahatonga ireo fandraisam-pitenenana hitondra voka-tsoa ary koa hamaritra reo fomba fiteny ekena hozaraina amin'ny onjampeo. Amporisihina ny mpihaino haneho hevitra ao anatin'ny fanajana izany fitsipika izany. Atao izay hampiharana izany amin'ny fomba hentitra.

Entanina ny mpanentana ny fandaharana mba hanapaka avy hatrany ny fandraisampitenenan'ny mpihaino raha vao manomboka mihoatra ny fetran'ny atao hoe fahalalahana maneho hevitra izy ireny.

Tokony tsy ho variandriana mihitsy sady mivonona hanitsy ny mpanentana fandaharana izay andraisan'ny mpihaino anjara mivantana satria dia izy no miantoka ny hahatonga ny fandaharany ho lasa sehatra iray ivoizan-kevitra mahasoa, sehatra itondrana adihevitra tsy misy fankahalana na fanaratsiana.

Mety tsara ihany ny mijanona ho « mpitazana fotsiny », izany hoe misafidy ny tsy handray fitenena sy andraikitra indraindray satria vao maika malalaka ny fanehoana hevitra samihafa. Saingy tsy amporisihina izany rehefa somary masiaka fiteny ny mpisehatra.

FIHOARAM-PEFY NANDRITRA NY FILAZAM-BAOVAO, FAMAKAFAKAN-KEVITRA NA ADIHEVITRA

Matetika tsy alefa mivantana ireto karazam-pandaharana ireto ka afaka miverina kely ny mpanolotra manombana sy misoroka sao misy tsy fetezana ao. Raha toa ka miteny fankahalana ny mpifanandrina aminy ohatra ny mpanao politika iray mandritra ny fanadihadiana atao azy dia afaka esorina izany rehefa manao ny fikirakirana teknika. Na izany aza, mety ho sendra olana ihany ny mpikirakira vaovao: Halefa manmontolo ve ilay horonam-peo, dia ho tafiditra ao izany ilay fiteny maherisetra mba ho fanajana ny zo sy andraikitra hampita vaovao. Sa kosa hofafana ireo teny tafahoatra ireo mba ho fanajana ny mpanjifa vaovao sy ireo mety hovoatohina amin'izany?

Raha toa misafidy iry voalohany izay mety hifanaraka amin'ny lalàna mifehy ny asany ilay mpanao gazety, dia tsy maintsy hamarininy ihany koa ny safidy: noho ny fiheverana marina ny zo hahalala vaovao sy ny andraikitra hizara vaovao ve sa tsia, ho an'ny tombotsoan'ny mpihaino/ mpijery ve, noho ny fijery politika ve, noho ny fiandaniana amina foto-kevitra iray ve sa ho fisorohana ny adihevitra tsy mendrika?



Tranga faha 7

Tamin'ny vaovao an-tsary ny 10 jolay 2015, dia nisy olompirenena iray nilaza fa: "Noteren'ireo tompon'andraikitra ambony hamoaka vola mitentina 600 tapitrisa ariary tao amin'ny kitapom-bolan'ny kaominina hanamboarana paompin-drano ny Ben'ny tanànan'ny Toliara. Avy eo dia hotokonana mandrindra ny vanimpotoanan'ny fampielezan-kevitra ireo ka holazaina fa porofon'ny fanampiana ataon'ny antoko eo amin'ny fitondrana ho fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina".

Amin'ny ankapobeny, tena tsara ny mampita ny hevitry ny vahoaka manoloana ny tranga arapolitika sy ara-tsosialy satria ahafahan'ny mpitondra mandre ny fitakiana sy ny andrasan'ny olon-tsotra amin'izy ireo sady koa ahafahany mandrefy ny hevitry ny vahoaka.

Toy ny mpizara vaovao rehetra, ny olompirenena koa dia tokony hanamarina ireo fanamelohana olona ataony eny amin'ny haino vaky jery. An-kilany, ny mpikirakira vaovao dia tsy maintsy manamarina ilay vaovao ary raha azo atao dia tsy mijabaka mihitsy amin'ilay fiteny tsy mendrika nataon'ny nanome ilay vaovao. Ho an'ilay ohatra voalaza tetsy ambony izao, tsy mba nihevitra akory ilay nanao ny fanadihadiana ny mba hanamarina izay voalaza fa dia nanohana avy hatrany ka hoy izy : « Hitantsika amin'izany ny fanaparam-pahefana ataon'ny mpitondra. »

Tranga faha 8

ty misy ohatra tsara iray maneho tsy fiandaniana tamina fiteny mankahala hita tamina gazety an-tsoratra iray. Saika nitatitra ilay teny maherisetra nataona mpanao politika, tamin'ny fianakaviana Ravalomanana ny ankamaroan'ny gazety mpiseho isan'andro tamin'ny faraparan'ny volana jolay 2015: "Mendrika ny haringana i Ravalomanana sy ny fianakaviany ary ny taranany rehetra".

Raha nitatitra izany ny gazety roa dia tsy nisalasala nilaza fa tafahoatra ity teny nataona mpanao politika ity, ary nafantok'izy ireo tamin'ny finiavan'ity kandida ho ben'ny tanàna tamin'izany ity handrangitra adimpoko ny resaka. Tsy nisalasala izany ireto gazety roa ireto nitatitra ilay fiteny tsy mendrika fa kosa nanaitra ny sain'ny maro manoloana ny tsy nety tamin'izany fihetsika izany.

REO FOMBA FIASA TSARA HOTOHIZANA SY IZAY TOKONY HAJANONA

A taovy fahazarana - ary tena entano izay voakasika - ny mamela ireo olona niharana fiteny mankahala, manaratsy na fanalam-baraka hamaly fa zony izany.

Raha toa ka tsy mamaly ireo voatonona tao anatina fomba fiteny mandrangitra, dia tsara raha manantona loharanom-baovao hafa, izay tsaratsara kokoa raha olona avy amin'ny tontolon'ny fitsarana, ka mahafantatra ny zava-misy.

A mporisihina ny fanitsiana ireo fomba fiteny mandrangitra tsy nampoizina, izay mateti-pitranga amina fidirana mivantana. Rehefa eo am-panatanterahana ny asa dia tsara ny milaza ny antony tsy mampety sy ny tsy mampahomby izany karazana fomba fiteny izany fa tsy mitsara be fahatany.

Raha toa kosa ny tanjona ka handefa sy hizara ireo fomba fiteny mandrangitra (mankahala, manavakavaka, manendrikendrika) na inona na inona antony, na dia azo natao aza ny tsy nampiditra izany, dia amporisihina ny fandanjalanjana tsara ny tombony sy ny mety hahasoa amin'ilay safidy: tena hampanankarena ilay vaovao tokoa ve izany? Tsy vao maika hanasarotra ka hanamafy ny disadisa ve ny fitaterana ity fomba fiteny ity?

A oka tsy hitsahatra ny hampahatsiahy hatrany an'ireo olona hadihadiana ny fitsipika mifehy ny fanaratsiana sy fanalam-baraka olona amin'ny fitaovam-pampitam-baovao ary tsy amporisihina hanao izany ry zareo. Raha sendra ka nisy ihany ny tsy nety voalaza nandritra ny fandraisam-peo dia aleo tenenina ry zareo fa hofafana izany ka anontaniana raha toa ka haverina ny fandraisam-peo.

Raha toa kosa fandaharana adihevitra mivantana no resaka, dia tokony ho safidiana tsara ireo izay handray anjara mba hisorohana ny mety ho fihoarampefy sy fifandrangitana mety ateraky ny fifanakalozana. Raha toa ny tanjona ka hanome sehatra hiandian-kevitra ho an'olona roa mpifanandrina mikasika lohahevitra iray, dia tsara kokoa raha mametraka dieny any am-piandohana fitsipika hentitra hifehy ny fandraisam-pitenenana. Ho an'ireo mpanao politika manokana dia tsara raha ampahatsiahivina azy ireo fa misy fitsipi-pitondran-tena izay mitaky amin'izy ireo ny fitandroana ny fifanajana rehefa miseho amin'ny haino vaky jery.

oa satria moa ny mpanao gazety miasa ho an'ny vahoaka, midika izany fa manana adidy amin'ny fiarahamonina izy ireo. Mila vaovao marina, ary ampitaina amin'ny fiteny sy fomba fiteny feno fanajana ny olompirenena.

2. NY FIHEVERANA NY VEHIVAVY: FANOMEZAN-DANJA NA FANILIKILIHANA AZY, FIHEVERANA RAIKI-TAPISAKA MOMBA NY VEHIVAVY

Betsaka ny fanadihadiana mikasika ny fiheveran'ny haino vaky jery maneran-tany ny vehivavy. Anisan'ireo antony maro mahatonga ny firosoana amin'ny fanamafisana ny traik'efan'ireo mpikirakira vaovao izany mba hanomezana vahana ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ireo vokatra kirakirainy sy zarainy. Nosokajiana niainga tamin'ilay Tetikasa Fanaraha-maso ireo Haino Vaky Jery Maneran-tany (*GMMP*⁴) ireo ohatra aroso ato amin'ity sokajy ity.

Fomba fiasa tsy amporisihina	Ireo fiheverana raiki-tapisaka		
	Tsy tazana loatra ny vehivavy na tsy hita taratra ny fifandanjana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy		
	Fialana amin'ireo hevitra raiki-tapisaka		
Fomba fiasa amporisihina (fiheverana ny	Fampifandanjana ny lehilahy sy ny vehivavy akana vaovao		
miralenta sy fanomezana vahana ny fitoviana)	Fanomezan-danja manokana ireo lohahevitra mahakasika ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy.		

A. IREO HEVITRA RAIKI-TAPISAKA

Ny antsoina hoe fiheverana raiki-tapisaka mifototra amin'ny maha lahy na vavy dia ireo fiheverana mampietry hita amin'ny kolotsaina rehetra izay mametraka fiavahana amin'ny lehilahy sy ny vehivavy sy ny fifandraisan'izy ireo. Mifototra amin'ny fomba amam-panao sy ny kolotsain'ny firenena iray izany ary vokatry ny zava-nitranga tany aloha nanasongadina ireo fahasamihafana sy tsy fifandanjam-pahefana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy. Raha ny tontolon'ny haino vaky jery no asiana resaka, dia miseho amin'ny alalan'ny fahasamihafan'ny andraikitra sy ny toerana ny fiheverana raiki-tapisaka mifototra amin'ny maha lahy sy maha vavy. Ohatra amin'izany ny fiheverana ny vehivavy ho fitaovam-pilàna ara-nofo, iharan'ny herisetra, "mpanompo" na olona tsy dia mankaiza loatra sy ny fiheverana ny lehilahy ho mpitarika, manam-pahefana, manam-pahaizana manokana na olona « tsongoim-bolo ». Ohatra iray koa ny fanehoana ny sarin'ny tontolo malagasy fahiny, ka ny vehivavy no miahy ny fiainan-tokantrano (renim-pianakaviana, andefimandry na mpikarakara tokantrano) ary ny lehilahy no miantoka ny any ivelany (miasa, manam-pahaizana,

mpanao politika, mpitarika na mpandraharaha). Noheverina hatrany fa « tsara » ireto toetoetra rehetra mahakasika ny lehilahy ary « ratsy » kosa ireo izay natokana ho an'ny vehivavy. Ohatra izao, ny sehatr'asa mila fahaizana manokana sady mahaliana, heverina fa « sarotsarotra » sy « manan-danja » dia heverina fa an'ny lehilahy, ary ny mifanohitra amin'izany no an'ny vehivavy. Tsara marihina fa ireo fanavahana napetraky ny fiarahamonina ireo dia tsy hoe akory tsy mitanila fa tena manamafy orina sy mampipetraka hatrany ny tsy fitoviana. Ny fitaovam-pampitam-baovao anefa dia tena afaka tsara manome tanana amin'ny fanovàna ireo fiheverena voalaza rehetra ireo ka hahatonga ny olona tsy hametraka ireo fiheverana raaiki-tapisaka mifototra amin'ny maha lahy na vavy ireo, izay tena lalim-paka aamin'ny fomba amam-panao. Raha ny fiatraikan'ny asan'ny haino vaky jery amin'ny fisainan'ny vahoaka no jerena dia afaka manova ny fihetsika sy ny fiheveran'ny fiarahamonina izy mba hahatonga ny fifandraisana misy eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy hitovy.

amin'ny volana jolay sy aogositra 2015, dia nahatsikaritra fiheverana raiki-tapisaka tany anaty fampitam-baovao ireo mpanara-maso ao amin'ny sampana, ka Ramatoa Lalao Ravalomanana no nokendrena tamin'izany. Naseho ho toy ny saribakoly manaraka ambokony eo am-pelatanan'ny vadiny izy tamin'izany. Ny vadiny moa izay tsy hafa fa Andriamatoa Marc Ravalomanana Filohampirenena teo aloha. Toy izao no voalaza tamin'izany: « Mahafantatra ny rehetra fa saribakolin'ny vadiny i Lalao. Asainy mandeha miankavia dia manaiky » ; « Fitaovana politika ampiasain'ny vadiny i Lalao Ravalomanana mba hiverenany indray eo amin'ny fitondrana » ; « Ben'ny tanàna mpisolo toerana i Lalao Ravalomanana fa ny vadiny no tena mitondra ny tanànan'Antananarivo » ; « Tsangan'olona fotsiny i Lalao Ravalomanana » ; « Sarobakolin'i Marc Ravalomanana fotsiny i Lalao Ravalomanana » . Marihina manokana fa mpanao gazety miasa amina haino vaky jery samihafa no namoaka an'ireo, ny iray tamin'ny gazety an-tsoratra ary ny iray kosa tamin'ny fahitalavitra. Mahavariana koa ny mahita fa tsy mba notsikeraina niainga tamin'ny teny nolazainy na asa nataony ilay vehivavy resahina eto fa noho ny tsy fahafantarana izay fahaiza-manaony ara-politika. Takona ao ambadiky ny vadiny izy ary ireo mpamari-toetra nentina namaritana azy (manambany ny ankamaroany) dia maneho tsy fandraisana andraikitra sy fanatanterahana baiko fotsiny : saribakoly, fitaovana, mpisolo toerana, tsangan'olona, ...

Raha toa ka fiheverana mifono tsy fandraisana andraiktra no azon-dRamatoa Lalao Ravalomanana, mifanohitra amin'izany kosa ny an'ny vehivavy iray izay eo amin'ny fitondrana ihany koa, dia Ramatoa Voahangy Rajaonarimampianina. Mifanohitra saingy any amin'ny faran'ny laniny ihlany koa sady mifono fiheverana raikitapisaka: aseho hoy toy ny vehivavy manodikodina sain'olona izy, ary lazaina fa fototry ny tsy fahombiazan'ny vadiny sy ny olan'ny firenena : « Vokatry ny saina omen'ny vadiny azy avokoa ireny fanapahan-kevitra tsy mahomby rehetra raisin'ny Filohampirenena ireny. Ny fankahalan'ny vadin'ny Filoha an'ireo rehetra teo amin'ny fitantanana ny Fitondrana Tetezamita no nahatonga an'i Hery R. tsy hiara-dalana intsony amin'ireo mpiray antoko taminy. Izy no fototry ny krizy izay mampahantra ny firenena ». Vao tsy ela akory, fa tamin'ny janoary 2016, mbola nokianina gazety mpiseho isan'andro iray mafy ity vadin'ny Filoha ity, ka ny fahanginany manoloana ny fahorian'ireo reny sy zaza tratry ny hain-tany sy ny kere any antsimon'ny nosy no nifantohan'ilay gazety. Teo ihany koa ny tsy fandraisany andraikitra tamin'ny lafiny sosialy nandritra ny fetin'ny faran'ny taona. Tsy manana hazon-damosina mihitsy, tsy mandray andraikitra mihitsy na ny mifanohitra amin'izany be fihetsiketsehana loatra, manodikodina sain'olona: ireo no sarin'ny vehivavy eo amin'ny fitondrana. Tsy misy ny eo anelanelany, fihetsika izay efa mahazatra heverina fa toetran'ny vehivavy. Tsy nisy kosa ny fiheverana izay fiavahan'ny lehilahy sy ny vehivavy rehefa mifantoka amin'ny asa ataona vehivavy na fomba fitantanana vehivavy mpanao politika ny resaka.



Toy ny efa hita teo ambony ihany, ny fandraisan'anjaran'ny vehivavy amin'ny politika dia heverina ho fikasana hisalovana andraikitra izay tsy tokony ho azy, raha ny fiheveran'ny fiarahamonina. Nisy lahatsoratra iray nivoaka tamina gazety an-tsoratra ihany ny 23 jolay 2015. Tena nanamafy io voalaza io ity lahatsoratra ity izay maneho vehivavy roa nilatsaka hofidiana - ary izy ireo no efa noheverina fa ho be mpifidy indrindra - mifanandrina amina adihevitra saingy naseho tamina endrika adin'akoho. Ny lohatenin'ilay lahatsoratra aza moa dia hoe "Adihevitra sa adin'akohovavy? Inona no tena tiantsika?" Toy ny milaza ity lahatsoratra ity, amin'ny alalan'ny kisary, fa "natokana" ho an'ny lehilahy ny fanaovana politika fa "sampontsampona" izany vehivavy manao politika izay raha ny sary izay maneho azy roa vavy no jerena.

B. TSY TAZANA LOATRA NY VEHIVAVY NA TSY HITA TARATRA NY FIFANDANJANA EO

AMIN'NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY

Efa fahita matetika amin'ireo fitaovana fampitambaovao maneran-tany ity tranga manaraka ity raha ny vokatry ny fanadihadiana natao tao anatin'ny GMMP: zara raha misy mahakasika ny vehivavy ireo lohahevitra aroso, tsy mifandanja ny lehilahy sy ny vehivavy atao loharanom-baovao, hevitr'olona iray ihany no alaina, izay matetika lehilahy, tsy ahitana taratra fanomezana vahana ny fifandanjan'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny firesahana ireo raharaha an-davanandro izay mahaliana ny rtoa tonta toy ny fifidianana na fampianarana.

Tranga faha 11

Atetika ny lehilahy no tena misongadina rehefa maka ny hevitry ny olompirenena ny fahitalavitra iray mialoha ny vaovao an-tsariny. Tamin'ny 02 martsa ohatra dia nisy ny fakana hevitra momba ny resaka ambalavelona. Tsy naka afa-tsy hevi-dehilahy ilay fahita lavitra tamin'io andro io. Ary tsy tamin'io andro ihany fa matetika no tsy manome fitenena vehivavy ny mpanao gazety ao nohon' ny antony tsy fantatra loatra. Manaporofo izany fa tsy misy ny fifandanjana eo amin'ny olona akana hevitra.

D. FIALANA AMIN'IREO FIHEVERANA RAIKI-TAPISAKA



Mifanohitra amin'ireo tranga faha sivy sy faha folo izay nahitana fa ankahalaina sady tsy omena ny hajany ny vehivavy manao politika; ireto manaraka ireto kosa dia fomba fijery miabo indray izay manohitra ireo fomba fiheverena raiki-tapisaka mikasika ny vehivavy izay manome azy ireo ny toerana aoriana raha ny fiainam-bahoaka no asiana resaka.

Nampita ny vaovao mifandraika amin'ny fifidianana loholona. Nanao fanadihadiana manokana mihitsy izy tao anatin'ny vaovao an-tsariny hanehoana ny zava-misy marina eo anivon'ny Antenimieran-doholona izay ny 20% n'ny olona ao ihany no vehivavy. Tamin'izany no nanomezany fitenena ny Conseil National des Femmes de Madagascar (CNFM) hanazava ny momba an'io antontan'isa io. Naka ny hevitr'ireo vehivavy loholona izy hampahafantatra ireo andraikitra tsy maintsy sahanin'izy ireo amin'ny maha loholona azy. Anisan'ireo nandray fitenenana tamin'izany ny loholona voafidy tany Mahajanga Rasoamihanta Jasmina Issa. Mifanindran-dalana amin'izay ihany, gazety mpiseho isan'andro iray no nanasongadina tamin'ny 25 febroary 2016 fa tsy dia misy vehivavy loatra eo anivon'ny birao maharitra sy ny filoham-baomiera ao anivon'ny Antenimieran-doholona ihany. Raha ny antontan'isa natolotr'ilay gazety dia tokana monja no vehivavy eo anivon'ny birao maharitra izay ahitana mpikambana iraika ambin'ny folo. Ary iray ihany amin'ireo vaomiera fito no tarihina vehivavy. Nasehon'ny mpanao gazety fa tsy mbola mihatra eto Madagasikara ny atao hoe fifandanjana eo amin'ny lehilahy sy ny vehivavy.

Manokatra adihevitra momba ny fifandanjan'ny lehilahy sy vehivavy ireo mpanao gazety raha ireo ohatra ireo ireo no jerena. Anisan'ny vinan'ny zon'olombelona mantsy io fifandanjana eo amin'ny lehilahy sy vehivavy io. Nokianin'izy ireo mafy io anjara toeran'ny vehivavy somary latsaka io ka niantso an'ireo vehivavy loholona ireto mpanao gazety ireto mba haneho hevitra mikasika ny fisian'ny tsy fitoviana amin'ny fidirana ho isan'ny fahefana mpanao lalàna.

E. FAMPIFANDANJAN'NY LEHILAHY SY VEHIVAVY AKANA VAOVAO

Maro ireo lahatsoratra sy sary maneho fifandanjan'ny lehilahy sy ny vehivavy raha olona voatonona sy nohadihadiana ary/na nalaina sary no asiana resaka. Mifanojo tanteraka amin'izany ireto ohatra manaraka ireto.

Tranga faha 13

Tamin'ny andro nankalazana ny Andro Maneran-tany ho an'ny Zava-boahary, dia nikarakara vela-kevitra ny Alliance Voahary Gasy sy ny masoivohon'ny Etazonia. Niompana tamin'ny lohahevitra hoe "Ny lalàna sy ny fitsipika mifehy ny tontolo iainana eto Madagasikara: fibanjinana ny lavitr'ezaka sy ny zava-misy iainana ankehitriny. Hanahoana ny hoavin'ny zava-boahary malagasy? ».

Nandray anjara tamin'izany vela-kevitra izany ny minisitry ny Tontolo iainana tamin'izany fotoana izany Andriamatoa Beboarimisa Ralava, ny solotenan'ny Alliance Voahary Gasy Ndranto Razakamanarina ary ny avy ao amin'ny WWF, Nanie Ratsifandrihamanana ary ilay mpitsarsa sady mpanolo-tsaina ao amin'ny Fitsarana An-tampony Harimisa Razafindrakoto, izany hoe roa lehilahy ary roa vehivavy. Nampiasain'ny ankamaroan'ny haino vaky jery ny sarin'izy ireo nampiarahina tamin'ny lahatsoratra nifandraika taminy. Ohatra iray maneho ny fifandanjan'ny lehilahy sy ny vehivavy.

F. FANOMEZAN-DANJA MANOKANA IREO LOHAHEVITRA MAHAKASIKA

NY LEHILAHY SY NY VEHIVAVY

Ireo fandaharana mifantoka manokana amin'ny lohahevitra mahakasika ny vehivavy, na fanentanana amin'ny fampiainana ny zon'izy ireo na koa momba ny fandraisany anjara amin'ny toe-karena sy ny sosialy, na hetsika natao hiadiana amin'ny herisetra mihatra amin'ny vehivavy no resaka eto. Indro misy santionany amin'izany.



Tranga faha 14

ampielezam-peo iray no nampiditra fandaharana vaovao mitondra ny lohateny hoe "Aok'izay". Miompana amin'ny ady atao manoloana ny herisetra mihatra amin'ny vehivavy ny fandaharana. Vehivavy iray mpitarika fikambanana miasa ho amin'ny famongorana ny endrika herisetra rehetra mihatra amin'ny vehivavy no nasaina hamelabelatra ny lohahevitra. Niainga tamin'ny famaritana ny tena hevitriny ny voambolana hoe "herisetra" ny vahiny ary avy eo dia nanindry mafy ny amin'ny maha zava-dehibe ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy ho an'ny fiaraha-monina: "Dingana iray lehibe hahatongavana amin'ny fahatokisana ny tena ny fialana amin'ny lasitra sy fiheverana napetraky ny fiarahamonina izay manambany ary mampietry ny vehivavy hisahana andraikitra maivana." Raha atao bango tokana dia niezaka nanentana ny vehivavy hahalala ny anjara toerany eo amin'ny fiainam-pirenena sy ny fiainam-pianakaviana ny fandaharana. Nasian'ny mpanentana tsindrim-peo manokana ny fifampizarana andraikitra izay anisan'ny manome vahana ny fitoviana.

REO FOMBA FIASA TSARA HOTOHIZANA SY IZAY TOKONY HAJANONA⁵

Omen-danja ny fanomezana vaovao feno sy maro lafy itarafana ny fahasamihafan'ny fiarahamonina sy ny kolotsaina izay matetika ahazoana antoka fa tsy hanome vahana ny fiheverana raiki-tapisaka.

Tsara raha ampanarahina ny vanim-potoana iainana ireo fiheverana ny vehivavy sy ny lehilahy. Tokony hanome sehatra ny vehivavy mandray anjara amin'ny fiainambahoaka sy ny fampandrosoana ny fireneny ireo mpikirakira vaovao ka hanome lanja ny ezaka ataon'izy ireo amin'ny alalan'ny fanadihadiana azy ireny, ny fampahafantarana ny zava-bitany, ny sariny, ary ny fampahafantarana ny tena anarany sy ny fanampiny feno ary ny andraikitra sahaniny.

Tsara ho fantatra ihany koa fa ankoatra ireo vehivavy manana toerana ambony eo amin'ny fiarahamonina, dia misy vehivavy ihany koa avy amin'ny saranga hafa izay manana asa sy andraikitra samihafa, vehivavy « tomombana » izay mandray anjara isan'andro amin'ny fampandrosoana ny fireneny. Porofon'ny fahaiza-miasa ny fivoizana fifandanjana eo amin'ny fahasamihafan'ny vehivavy sy ny tolo-tanana ataon'izy ireo ho an'ny fiarahamonina.

A za hadinoina ny mampiditra ho anisan'ny loharanom-baovao ireo vehivavy miavaka amin'ny hafa noho ny teniny, ny fiaviany na ny finoany ary koa ireo vehivavy efa nahazo taona. Manampy amin'ny fanovana ny fomba fijery ny fahasarotan'ny fiainana misy ireny vehivavy izay tsy dia tazana loatra ireny.

Tokony hanaraka hatrany ireo fikarohana misy mahakasika ny vehivavy amin'ny sehatra samihafa, manomboka amin'ny asa, toe-karena, fahasalamana ary fanabeazana. Azo antoka fa tena ilaina amin'ny fandalinana ireo lohahevitra mahaliana ny mpanjifa vaovao mirona mankany amin'ny fampifandanjana ny lehilahy sy ny vehivavy ny karazana asa fikarohana toy izany.

Mitady raha toa ka misy toro sy antontan'isa mifanaraka amin'ny lehilahy sy vehivavy ary asongadina ireo izay mety ho fahasamihafana misy eo amin'izy ireo arakaraka ny tranga ifantohana.

A tao lisitra ireo hetsika teto amin'ny firenena sy tany ivelany ho fampimirana ny lehilahy sy ny vehivavy sy ho fampaefana ny vehivavy. Fomba iray hahafahana manainga lohahevitra mafonja sady mahaliana izany mba hitarihana ny adihevitra eo amin'ny mpihaino.

3. VAOVAO MARI-POTOTRA SA TSAHO ? NY FANAMARINANA NY LOHARANOM-BAOVAO

A. LOHARANOM-BAOVAO NY TSAHO

Andraikitry ny mpanao gazety ny manasaraka ny vaovao amin'ny tsaho. Amin'ny maha mpisehatra azy ao anatin'ny fikaroham-baovao, izy no afaka manamarina ny tranga iray ary afaka manazava na marina izany tranga izany, na vokatry ny tsaho aely. Ilàna fitandremana manokana ny tsaho ary tsara raha avahana amin'ny vaovao, satria mamolavola ny fisainan'ny daholobe ny toro voizin'ny haino vaky jery. Tsy hoe akory ratsy tanteraka ny tsaho, fa



azo raisina ho loharanom-baovao; saingy tsy itovizany amin'ny vaovao ny fahasarotana lalovana eo amin'ny fanamarinana azy, noho izy tatitra am-bava. Araka ny famaritana, ny tsaho dia « feo izay mifindra eo amin'ny olona mifanakaiky ao anatin'ny fiarahamonina. Mahakasika tranga tsara ho fantatry ny vahoaka: olo-manan-kaja, tompon'andraikitra tanatin'ny loza, filazana ady na hanoanana na trangan'aretina misesisesy, hafahafa⁶ ». Arakaraka ny hodidina, mety hiainga avy amin'ny loharanom-baovao samihafa ny tsaho saingy tsy misy loharano mazava.

Tranga faha 15

Nandritra ny fandaharana idiran'ny mpihaino mivantana tamin'ny 20 aogositra 2015, nanambara ny mpanao gazety avy amin'ny onjam-peo iray fa « Ny fanohanan'ny antoko politika maromaro, anisan'izany ny HVM, ny kandida Hery Rafalimanana, dia tetika natao mba hahafahan'ny CENI-T sy ny antoko TIM ary ny antoko HVM, izay mpiray tsikombakomba, hikonokonona fangalaram-bato mihoa-pampana ». Andro vitsivitsy manarak'izay, dia voalaza tao anatin'ny vaovao fa « Nanararaotra ny fahantran'ny vahoaka tao Vohibato ireo mpanao politika mba hividianana ny safidin'izy ireo amin'ny vidiny 1 000 Ariary, ka izany no nampandresy ny antoko HVM ». Raha ny tranga voalohany voalaza etsy ambony, dia ny vaomiera mikarakara ny fifidianana - ny CENI-T - sy antoko politika roa mpifaninana (HVM et TIM) no voampanga ho nangala-bato. Eo imason'ny vahoaka izay « manjifa » sy mihevitra ny vaovao izay aparitaky ny haino vaky jery ho azo atokisana, dia ny fiampangana goavana toy izany, na tsy misy fototra ijoroany aza, dia misy fiantraikany amin'ny safidy izay hataony.

Raha ny tranga faharoa nambara teo aloha kosa, dia tsy misy vavolombelona mivantana tao anatin'ny vahoaka, izay tonga nanamafy fa « *nahazo vola* » tokoa. Anefa, maro ireo haino vaky jery izay nivoy io tsaho mahakasika ny fisiana fangalaram-bato mihoa-pampana io, nialoha, nandritra, ary taorian'ny fifidianana ben'ny tanàna⁷. Amin'ny ankapobeny, ireo vaovao ireo dia azo avy tamin'ny fijorona vavolombelona mivantana, na avy tamin'ny hafatra alefa amin'ny finday na miendrika SMS any amin'ny sampana famoahan-gazety. Na ahoana fomba nipoiran'izany vaovao izany, dia ilàna fidirana an-tsehatra avy amin'ny mpanao gazety izany, raha maniry hahazo ny antsipirihany kokoa momba ny zava-nitranga izy. Azo ekena fa mety ho antso na hafatra antariby no ahazoana vaovao, saingy araka ny fanao mahazatra dia tokony hilaza ny anarany sy/na ny asany ny loharanom-baovao, raha toa izy ka tsy nangataka ny hafenina. Azony ataon'ny mpikirakira vaovao ihany koa ny misivana ireo hafatra tonga ka manamarina izany alohan'ny hitaterana azy. Manan-danja tokoa ny fitandremana toy izany amin'izao fotoana firoboroboan'ny fomba fifandraisana vaovao izao. Fahita matetika rahateo ny fandefasana SMS mivantana amin'ny sampana famoahan-gazety nandritra ny fanisam-bato tamin'ny fifidianana ben'ny tanàna.

ikorontana tanteraka ny ao amin'ny tanànan'i Fianarantsoa, mameno ny sekoly ireo ray aman-dreny maika hitondra ny zanany mody any an-trano, satria misy mpangala-jaza mihaodihaody amin'ny fiara 4x4, mitady haka ankizy an-keriny », hoy ny voalazan'ny gazety ny 4 febroary 2016. Taorian'izay, dia nanambara ny sekoly maromaro fa mihantona ny fampianarana mba hiarovana ireo mpianatra. Nisy ihany ireo sekoly nanohy ny fampianarana, saingy nametraka fitsipika hentitra ho an'ireo mpaka mpianatra rehefa tonga ny firavana.

Maro ireo fanehoan-kevitra tao anatin'ireo fandaharana sy fampahalalam-baovao samihafa mahakasika an'io tranga io. Loharanom-baovao iray ao Fianarantsoa no nilaza fa «Raiki-tahotra ny ray aman-dreny. Voalaza fa maro ireo tsy hita popoka sy nanjavona. Fa raha izaho manokana aloha, tsy mbola nahita mivantana». Taoriana'ireo tsaho ireo, tsikaritra fa nisy olon-dehibe hatrany miaraka amin'ny mpianatra tsirairay, na rehefa izy handeha hianatra izany na rehefa hody. Tsy maintsy niditra an-tsehatra ny manam-pahefana ao antoerana vao nilamina ny mponina. Niteraka korontana tao Fianarantsoa ity tsaho mahakasika fangalaran-jaza ity. Ekena fa niainga tamin'ny zava-misy marina, satria raiki-tahotra tokoa ny ray aman-dreny tao an-toerana.

Raha halalinina sy jerena akaiky ny fomba nitanterana ilay vaovao, dia tsikaritra fa nanaovana tombana ny vahoaka. Nivoitra avy tamin'ny tombana natao fa maro ireo nihevitra an'io vaovao io ho mari-pototra. Tsy midika anefa izany fa nivadika ho vaovao ilay tsaho, satria nijanona ho tsaho izany noho ny tsy fisian'ny fanamarinana azy. Ilaina hamafisina na disoina foana ny tsaho.

B. FANTATRA NY LOHARANOM-BAOVAO

Matetika hita anaty gazety malagasy ireto fomba filaza manaraka ireto : «araka ny loharanom-bavao akaikin'ny raharaha», «araka ny loharanombaovao izav nangataka ny tsy hotononina», «araka ny loharanom-baovao mari-pototra», «araka ny loharanombaovao azo antoka». Ny fampiasana ireo teny ireo tafahoatra dia maneho ny finiavan'ny mpanao gazety malagasy hiaro ny loharanom-baovaony, indrindra raha maniry tsy hotononina anarana na tsy te ho fantatry ny mpamaky izy ireo. Ekena fa andraikitry ny mpanao gazety ny miaro ny tsiambaratelo araka ny fangatahan'ny loharanom-baovaony, saingy izany vahaolana izany dia tsy tokony ho lasa teritery amin'ny fanatanterahana ny asa ka hahatonga ny mpanao gazety hiaiaky izay fepetra rehetra apetraky ny loharanombaovaony. Ny mpanao gazety dia tsy manana adidy «hampita manontolo ny hafatra» alefan'ny loharanom-baovaony, ary tsy voatery ho azo antoka tanteraka rahateo ny fahamarinan'ny zavatra lazain'ny loharanom-baovao. Tsy hoe akory satria nangataka ny tsy

hotononina anarana ny loharanom-baovao iray dia midika ho azy izany fa azo antoka kokoa izay lazainy. Raha ny izy, mihena ny fampiasana ireo teny ireo rehefa maro ny loharanom-baovao atoniona ary mitady fomba ampidirana ny resaka amin'ny lafiny iray manokana ny mpanao gazety.

Ny tsy fahampian'ny fotoana, ny fihazakazahana hamoaka voalohany ny vaovao, ny fikoropahana sy ny fifaninana amin'ireo haino vaky jery hafa no manakana ny mpanao gazety tsy hanamarina ny vaovao izay azony avy amin'ny loharanom-baovaony.



REO FOMBA FIASA TSARA HOTOHIZANA SY IZAY TOKONY HAJANONA

men-danja ny fanomezana vaovao feno sy maro lafy itarafana ny fahasamihafan'ny fiarahamonina sy ny kolotsaina izay matetika ahazoana antoka fa tsy hanome vahana ny fiheverana raiki-tapisaka.

Tsara raha ampanarahina ny vanim-potoana iainana ireo fiheverana ny vehivavy sy ny lehilahy. Tokony hanome sehatra ny vehivavy mandray anjara amin'ny fiainam-bahoaka sy ny fampandrosoana ny fireneny ireo mpikirakira vaovao ka hanome lanja ny ezaka ataon'izy ireo amin'ny alalan'ny fanadihadiana azy ireny, ny fampahafantarana ny zava-bitany, ny sariny, ary ny fampahafantarana ny tena anarany sy ny fanampiny feno ary ny andraikitra sahaniny.

Tsara ho fantatra ihany koa fa ankoatra ireo vehivavy manana toerana ambony eo amin'ny fiarahamonina, dia misy vehivavy ihany koa avy amin'ny saranga hafa izay manana asa sy andraikitra samihafa, vehivavy « tomombana » izay mandray anjara isan'andro amin'ny fampandrosoana ny fireneny. Porofon'ny fahaiza-miasa ny fivoizana fifandanjana eo amin'ny fahasamihafan'ny vehivavy sy ny tolo-tanana ataon'izy ireo ho an'ny fiarahamonina.

Aza hadinoina ny mampiditra ho anisan'ny loharanom-baovao ireo vehivavy miavaka amin'ny hafa noho ny teniny, ny fiaviany na ny finoany ary koa ireo vehivavy efa nahazo taona. Manampy amin'ny fanovana ny fomba fijery ny fahasarotan'ny fiainana misy ireny vehivavy izay tsy dia tazana loatra ireny .

Tokony hanaraka hatrany ireo fikarohana misy mahakasika ny vehivavy amin'ny sehatra samihafa, manomboka amin'ny asa, toe-karena, fahasalamana ary fanabeazana. Azo antoka fa tena ilaina amin'ny fandalinana ireo lohahevitra mahaliana ny mpanjifa vaovao mirona mankany amin'ny faimpifandanjana ny lehilahy sy ny vehivavy ny karazana asa fikarohana toy izany.

Mitady raha toa ka misy toro sy antontan'isa mifanaraka amin'ny lehilahy sy vehivavy ary asongadina ireo izay mety ho fahasamihafana misy eo amin'izy ireo arakaraka ny tranga ifantohana.

A tao lisitra ireo hetsika teto amin'ny firenena sy tany ivelany ho fampimirana ny lehilahy sy ny vehivavy sy ho fampaefana ny vehivavy. Fomba iray hahafahana manainga lohahevitra mafonja sady mahaliana izany mba hitarihana ny adihevitra eo amin'ny mpihaino.

Tranga faha 17

Hata anatin'ny lahatsoratra mitondra ny lohateny hoe « Mandiso ny voalazan'ny governemanta ny Amerikanina », nivoaka ny 25 febroary 2016, fa nanadihady loharanom-baovao maro samihafa mikasika ny fampiharana ny rafitra Advance Cargo Declaration sy hevitry ny sehatra tsy miankina manoloana izany ny mpanao gazety. Niainga tamin'ny fanambarana navoakan'ny Masoivoho amerikanina tamin'ny pejiny Facebook ny vaovao, izay milaza fa « ny rafitra ACD, araka ny hita eto Madagasikara, dia tsy fepetra iraisam-pirenena na amerikanina. » Koa satria niteraka resa-be nandritra ny fotoana maro io fampitam-baovao io, dia naka ny hevitry ny Groupement des Entreprises de Madagascar (GEM), ny Association professionnelle des Armateurs et des Consignataires de Madagascar (APACM), ny Fivondronan'ny mpandraharaha eto Madagasikara (FIVMPAMA), ny filoha lefitry ny ATPMS (Associated transport and Port Management System) ary ny minisitry ny Fitaterana, ny Fizahantany sy ny Famantarana ny toetr'andro ilay mpanao gazety, mba hanehoana fa niainga avy tamina loharanom-baovao fantatra mazava ny lahatsoratra nosoratany.

D.SAROBIDY NY VAOVAO, MALALAKA NY FANEHOAN-KEVITRA

Anisan'ireo fototry ny fitsipika mifehy sy ijoroan'ny asa fanaovan-gazety ny famahavahana sy ny fanamarinana ny vaovao alohan'ny hizarana azy⁸. Mila hamarinina amina loharanom-baovao telo samihafa farafahakeliny izany vao azo antsoina hoe « vaovao ». Raha ny marina, mifototra amin'ny tranga iray na maromaro ny « vaovao ». Azo lazaina arak'izany fa « ny atao hoe mampahafantatra dia manome dikany ny zava-misy ara-piaraha-monina» izay taterin'ny loharanom-baovao. Tsy tokony ovaina ny zava-misy ara-piaraha-monina sy ny toro, rehefa tonga ny fotoana hitante-rana azy. Ny « vaovao » dia voambolana izay mifandraika amin'ny voambolana hafa toy ny « zava-misy » sy ny «marina». Andraikitry ny mpanao gazety noho izany ny milaza ny marina mikasika ny zava-misy. lankinan'izany ny kalitaon'ny vaovao izany. Raha toa ka voalaza araka ny tokony ho izy ny zava-misy, dia malalaka



Tranga faha 18

Tao anatin'ny fandaharana ahafahan'ny mpihaino miditra mivantana ny 13 jolay 2015, raha niresaka ny mahakasika ny fitokanana ny kianja vaovao ao Ampasambazaha ny mpanentana dia nilaza izy fa « noterena hanatrika an'io lanonana io ny mpianatra, raha tsy izany dia tsy hahazo ny taratasy fiantsoana amin'ny fanadinana ara-panjakana ». Voatsikera nandritra io fandaharana io rahateo ny mpitondra fanjakana,

izay voapanga ho nanao fampielezan-kevitra an-kolaka ho an'ny tombotsoan'ny antoko HVM, sy mampiasa ny fahefam-panjakana mba hanehoana endrika tsara eo imason'ny vahoaka alohan'ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolo-tsaina. Nafenina ny loharanom-baovao. Iza no nanome ireo vaovao ireo? Mpianatra, sa mpampianatra, sa olo-manan-kaja eo an-toerana, sa tomponan'andraikitry ny fanabeazana? Ekena, mety hanahirana ny loharanom-baovao ny hijoro vavolombelona amin'ny tranga toy izao, indrindra raha mahakasika manam-pahefana ambony izany tranga izany. Saingy rehefa sendra fiapangana sy torotoroka toy izao, dia tokony hiezaka foana ny haino vaky jery manatona ireo olona voakasik'izany --tsy hitonona anarana ry zareo --, na mitondra porofo mikasika ny fiampangana mba hialana amin'ny fampielezana tsaho. Kanefa, raha ny tranga voalaza etsy ambony, dia niainga avy amin'ny feo heno sy re ary notaterina tsy nisy fikirakirana ny vaovao nampitaina tamin'ny haino vaky jery.

Azo natao ny nanamarina ny vaovao, tamin'ny alalan'ny fijoroan'ny mpianatra tsy nanatrika ny lanonana kanefa nahazo ny taratasim-piantsoany, ho vavolombelona. Azo eritreretina koa ny mifamadika amin'izay, izany hoe mijoro ho vavolombelona ny mpianatra iray tsy nahazo ny taratasim-piantsoany satria tsy nanatrika ny lanonana. Na ilay voalohany na ilay faharoa no raisina, dia tsy maintsy iandrasana ny andro farany amin'ny fizarana ny taratasim-panadinana. Andaniny, ihazakazaka ny fitadiavana ny vaovao; ary ankilany kosa, ilaina ny manamarina ny vaovao sy mamahavaha izany. Tsy mora ny safidy ho an'ny haino vaky jery, satria raha tsy mamoaka an'ilay vaovao izy fa miandry ny fanamarinana, dia mety hamoaka kosa ny mpifaninana hafa.

Raha mamoaka ny vaovao kosa izy dia mety hahazo kiana sy fanehoan-kevitra miharo fiarovan-tena avy amin'ireo olona voatonona. Amin'ny vanim-potoanan'ny fifidianana anefa, dia tsy vitan'ny miankina betsaka amin'ny vaovao avoakan'ny haino vaky jery mikasika ny fizotry ny fififianana amin'ny ankapobeny ny vahoaka, fa liana ihany koa amin'ny korontana mety haterak'izany fifidianana izany. Sehatra iray ahafahan'ny mpandray anjara mandiso ny tsaho izay miparitaka eo amin'ny fiaraha-monina ihany koa ny haino vaky jery. Nandritra ny andro farany tamin'ny fampielezan-kevitra ho an'ny fifidianana ben'ny tanàna indrindra, ny 29 jolay 2015, dia nitety ireo tonian-gazety ny mpifaninana iray tao Fianarantsoa, mba handisoany ny tsaho miely fa vondrona mpampihorohoro no mamatsy ny fampielezan-keviny ary mpikambana ao anatin'ny jihady silamo izy.

OMBA FIASA ARAHINA MANOLOANA NY FIPARITAHAN'NY TSAHO

ety atao ho loharanom-baovao ny tsaho, nefa mila fitandremana tsara satria mora miparitaka toy ny vovoka ny tsaho. Noho ireo antony roa ireo dia asaina ny haino vaky jery mba tsy ho lasa fitaovana mampiely ny tsaho. Ilaina noho izany ny :

siana ny elanelana, mba tsy hilazana fa manome vahana ny tsaho, satria matetika ny tanjon'ireo olona nanely tsaho dia ny mba hahatongavan'izany any amin'ny haino vaky jery. Ny firesahana tsaho anatin'ny fahandaharana/lahatsoratra an-gazety dia vao mainka manome lanja izany satria mahenika sehatra mivelatra kokoa ilay tsaho.

petraka ireto fanontaniana ireto alohan'ny hivoizana tsaho: Inona no voka-tsoa amin'ny fitaterana izany tsaho izany ao anatin'ny fandaharana/lahatsoratra an-gazety? Inona no mety ho voka-dratsin'izany tsaho izany amin'ireo voatonona na voakasik'izany (olon-tsotra - vondrona) sy amin'ny vahoaka izay mety hihevitra izany ho vaovao marina (hatezerana, tahotra, tsy fahatokisana, fahatafintohinana)? Iza no iantefan'io tsaho io mivantana? Taiza no niaingan'io tsaho io? Iza no mahazo tombony amin'ny fiparitahany: ny tontolon'ny fanaovan-gazety, vondrona iray manokana, manam-pahefana, ny fiarahamonina, ny mpivoy hevitra...? Inona no tena antony hanaparitahana an'ilay tsaho: mba hampazava azy amin'ny rehetra, mba hanazavana hevitra, mba hisian'ny fanadihadiana lalina, mba ho tapitra eo ilay resaka, mba hanamafisana ilay resaka, mba hampihena ny resaka, mba hampiady resaka, mba hampitatra resaka, mba hanadisoana ilay resaka? Ahoana no mety ho fan-draisako an'ireo tsaho ireo ary ahoana kosa no mety handraisan'ny hafa azy?

oka tsy hoporetin'ny fotoana na hatahotra fifaninanana. Anatin'ny tranga toy itony dia ratsy kokoa ny vokatra ateraky ny fitaterana ny tsaho an-gazety nohon'ny antony nahatonga azy. Azo lazaina fa misy fiantraikany, na tsara na ratsy, amin'ny fihevitry ny vahoaka ny asa fanaovan-gazety.

anana fomba fijery tsy mitanila manoloana ireo tsaho sy vaovao, ary mamolavola fomba fijery izay tsy mino be fahatany manoloana izay ambaran'ny loharanombaovao. Midika izany fa mila manisy elanelana eo anatrehan'ny feo miely mba ahafahana mandalina ny zava-misy mba tsy ho difotra ao anatin'ny fomba fijery ankapobeny na voizin'ny ankamaroany.

4. NY FOMBA FAMPITANA IREO DISADISA (METY) HITERAKA KORONTANA

Ny atao hoe « disadisa (*mety*) hiteraka korontana » dia ireo tranga mampanahy, izay mety hiteraka fifanolanana eo amin'ny sokajin'olona samihafa/ mpisehatra eo anivon'ny fiarahamonina ka, raha tsy misy ny fifehezana araka ny tokony izy sy fifampiresahana eo amin'ireo izay voakasika, dia mety hiteraka fifandonana na mandrava fihavanana, ary mety ho tonga hatramin'ny korontana.

Rehefa mitatitra ireo disadisa (*mety*) hiteraka korontana ireo ny haino vaky jery, dia mandray anjara amin'ny fivoaran'izany sy amin'ny famolavolana ny fihevitry ny vahoaka momba ireo voakasika sy ny andraikiny manoloana ny disadisa miseho.

Maro ny fomba azo iresahana ny disadisa (*mety*) hiteraka korontana ao amin'ny haino vaky jery; ary arad-drariny avokoa izay fomba anaovana izany. Saingy saro-pady ny tranga resahina ka tsara kokoa raha tatitra voalanjalanja, misy fandalinana, tsy mitanila ary mampitony (*izany hoe mandrisika ny fifampiresahana eo amin'ny mpifanandrina*) no atao. Mifanohitra amin'izany, tsy amporisihina kosa ny tatitra mitongilana, manafosafo, mitanila ary manitatra, izay vao maika mandrehitra ny afo matetika.

Ny tranga izay hotanisaina atao anatin'ity fizarana ity, dia notsongaina tamin'ireo izay niseho teto Madagasikara nandritrya ny volana faraparany teo, ary notaterina tao anatin'ny haino vaky jery.

A. DISADISA TAMINA FIFIDIANANA

Nitrangana disadisa maro ny tontolo politika nandritra ny volana jolay sy aogositra 2015, vanim-potoanan'ny fifidianana ben'ny tanàna. Hita taratra tao anatin'ny haino vaky jery ireo disadisa politika ireo: fandranitana ny kandidan'ny antoko politika sasany, fainakianana ireo tsy fetezana tamin'ny fainomanana sy tamin'ny fizotry ny fifidianana, fiampangana fangalaram-bato, fiahiahiana toe-tsaina ratsy sy fiandanian'ny komity mpikarakara ny fifidianana... Nisy tamin'ireo haino vaky jery no voasarika niditra lalina ao anatin'ny disadisa. Ny hafa kosa, mifanohitra amin'izay, nanome hatrany vaovao marina sy tsy mitanila, ary misy mihitsy aza nanamora ny fifanatonana eo amin'ny mpifanandrina.

Tranga faha 19

oy ny milaza ny antoko eo amin'ny fitondrana sy ny mpiara-dia aminy fa hampiasa tetika faminganana mba hampivadika ny valim-pifidianana na hanafoana mihitsy ny latsa-bato (...) Nolazainy mihitsy aza fa vola be no hampiasainy mba hividianana ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana». Ity andalan-dahatsoratra nivoaka tamin'ny gazety mivoaka isan'andro ny 14 aogositra 2015 ity, izany hoe roa herinandro taorian'ny fifidianana, dia mitatitra vaovao manaratsy ankolafy politika iray nandray anjara amin'ny fifidianana. Ny fisian'ny teny hoe « toy ny milaza » dia ahitana taratra fa nadikan'ny mpanao gazety tamin'izay fahazoany azy izay nolazan'ilay ankolafy. Marina tokoa fa azony atao ny manao petra-kevitra raha toa ka tsy manova ny hafatra satria mety vao maika hanasarotra ny raharaha izany. Ny Fitsipika nifanekena fa hifehy ny fitateram-baovao mandritra ny vanim-potoanan'ny fifidianana izay nosoniavina tamin'ny fifidianana ny taona 2013 dia milaza fa : « Ny haino vaky jery malagasy dia manaiky hanaja ny tsy fitongilanana » sy « tsy hitatitra vaovao mety hiteraka fifanolanana mandritra ny fifidianana ».

Rehefa mafana ny toe-draharaha amin'ny vanim-potoanan'ny fifidianana - ka tranga bitika monja dia mety hampisara-bazana sy hampikatso ny fizotry ny fifidianana amin'ny ankapobeny -, no ahitana taratra fa maro ny fomba azo andikana izay rehetra lazain'ny mpifaninana. Izany indrindra no maha zava-dehibe ny fanangonana hevitra sy fomba fijery samihafa ary fandalinana bebe kokoa ireo lohahevitra tiana horesahina. Ny fomba fiteny toy ireo voalaza etsy ambony ireo dia mampitombo ny fitaintainana sy manamafy ny disadisa izay niforona manaloana ny fanahiana tsy fetezana sy tsy fahatomombanan'ny fifidianana, kanefa tsy tena mitondra vaovao mazava akory. Tsikaritra ihany koa fa tsy arahana porofo matanjaka sy voamarina na fijoroana vavolombelona maromaro azo antoka ireo fiampangana ireo.



aro ireo gazety niresaka momba ny korontana tao Fianarantsoa taorian'ny fifidianana. Niverimberina tao anatin'izany ny teny hoe « gros bras » sy « mpikarama an'ady miasa ho an'ny antoko HVM ». Nisy fomba telo samy hafa niresahan'ny haino vaky jery izany toe-draharaha izany: Voampanga ho nandrava ny fahitalavitra VIVA ao Fianarantsoa ary nanam-pikasana handrava ny tao Toamasina ihany koa ireo « gros bras » ireo: « Mitetika ny hanakana ny làlan'ny fiara mitatitra ny fitaovana ny antoko eo amin'ny fitondrana. Misy mpikarama an'ady efa mivonona ny hanimba ireo fitaovana ireo eny an-dàlana ». Tsy hita izay hanamarinana izany vaovao izany, satria miresaka « fikasana » fotsiny ihany. Raha lazaina amin'ny fomba hafa, dia fambara tsy misy fototra mazava ary mitonona mpifaninana iray amin'ny fifidianana, izany hoe ny antoko eo amin'ny fitondrana, ho tompon'andraikitra amin'izay « ho fandravana mety hiseho ao aoriana », ilay lahatsoratra an-gazety. Manaraka izay, ny fomba nilazana izany dia manamafy ny tahotra sy milaza loza ary toy ny manome rariny izay andraikitra mety horaisina manoloana ireo mety ho « mpanafika ». Nametra-panontaniana mikasika ny zava-misy ao Fianarantsoa kosa ny lahatsoratra an-gazety niseho ny 10 aogositra 2015, toy izao ny fanehoan-kevitra tamin'izany « Feno mpitandro filaminana, mpikarama an'ady, sy « gros bras », mivezivezy ao amin'ny kianjan'ny Demokrasia ao Ampasambazaha. Tsikaritra nanodidina ny toerana ipetrahan'ny mpandraharaha izay nanome vola ny antoko HVM izy ireo teo aloha teo; ary dia io noravain'olon-tsy fantatra misaron-tava io ny haino aman-jery ao an-toerana. Ary dia io noravain'olon-tsy fantatra misaron-tava io ny haino aman-jery ao an-toerana. » Raha ampitahaina amin'ny lahatsoratra etsy ambony, dia somary misy fahamailoana kokoa ny lahatsoratra eto: tsy mitompo teny fatratra, kanefa manondro an-kolaka ireo tompon'andraikitra tamin'ny fandravana, ary manao teny an-kolaka ihany koa, izay azo adika amin'ny fomba maro. Fa - ny zava-dehibe - dia maivana kokoa ny fandraisana ireo teny ireo rehefa ao anaty lahatsoratra fanehoan-kevitra manokana. Ny lahatsoratra fanehoan-kevitra dia manome fahafahana ho an'ny mpanao gazety, satria eken'ny asa saingy sarahina sy avahana tsara amin'ny tena vaovao. Mazava ho azy, ilaina ny mandalina kokoa ary mijery ny hodidina (fanehoan-kevitra manokana iray ihany ve no avoitra? Misy singa hafa manamafy izany ve na fomba fijery hafa manohitra?), mba hijerena raha miandany na tsia ilay gazety? Saingy, ny zava-dehibe amin'ity tranga ity, dia ny fiavahany amin'ilay tranga hafa teo aloha. Nandritra ny filazam-baovaon'ny 12 aogositra 2015, dia nisy firesahana ny mikasika ny zava-misy ao Fianarantsoa: « Nisy ny feo miely fa hoe ilay mpanao politika Mamy Be no nahatonga ny tsy filaminana tao Fianarantsoa. Noho izany, ary araka ny feo mandeha ihany, dia nanangona mpikarama an'ady hanakorontana ny tànana izy ». Taorian'io fampitam-baovao io, dia nampidirina nivantana ary nanontaniana mikasika ny idiran'i Mamy Be ao anatin'ny raharaha ny Olobe sy ny olo-manan-kaja ao amin'ny faritra Matsiatra Ambony. Raha voahaja ny fimaroana ao anatin'ny fisafidianana ireo vahiny miakatra amin'ny fandaharana, dia azo lazaina fa izao fomba fitaterana izao no tena mety indrindra: tsy manadino ny miresaka momba ny fiampangana mahazo ny mpanao politika Mamy Be, satria vaovao lehibe izany mba ahafahana mahazo an-tsaina ny korontana misy ao an-tanàna; kanefa rehefa tsy misy porofo, dia antitranterina hatrany fa tsaho daholo ireo, ary miezaka ny maka ny hevitry ny any an-toerana avy amina loharanom-baovao mazava hanamarinana sy handalinana kokoa ny raharaha.

mba fihetsika somary mampidi-doza izay tsikaritra koa, ny fiampagana tsy misy porofo ary misesisesy ny CENI-T, ary koa ny fanaparitahana tsaho mahakasika ny tsy fiandaniany sy ny fitokisana azy. Maro ireo kiana re sy hita teny anivon'ny haino vaky jery sasantsasany, kanefa tsy nisy sehatra nahafahan'ny Vaomiera manokana misahana ny fifidianana mandritra ny Tetezamita (CENI-T) namaly izany. Ny CENI-T no andrim-panjakana lehibe indrindra misahana ny fikarakarana ny dingan'ny fifidianana. Raha ny tokony izy, dia izy no miantoka ny fahamarinana sy ny fangaraharahan'ny fifidianana. Tokony ho tsara endrika eo imason'ny vahoaka izy, raha te hampandray anjara ireto farany amin'ny fifidianana sy hampisy ny fahatokisana amin'ireo mpifaninana amin'ny fifidianana. Ny fanakianana hatrany ny fomba fiasan'ny CENI-T dia mampitombo ny disadisa efa misy ary mampihena ny fahavitrihan'ny mpifidy. Amin'ny maha andrim-panjakana azy ny CENI-T, dia tsy maintsy hahazo tsikera; saingy nifanesisesy ny lahatsoratra an-gazety niseho nandritra ny vanim-potoanan'ny fifidianana izay toa ny miendrika fampielezan-kevitra fanaratsiana ity andrim-panjakana ity. Ireo fanehoan-kevitra sy lahatsoratra nivoaka dia milaza fa « Mandray baiko avy amin'ny Vondrona iraisam-pirenena ny CENI-T. Tsy misolo tena afa-tsy ny mpiasa alefan'ny Vondrona iraisam-pirenena », « Lasa saribakolin'ny Vondrona iraisam-pirenena ny CENI-T ». Nandritra ny fandaharana fidirana mivantana tamina onjam-peo ny 21 jolay 2015, izany hoe 10 andro mialohan'ny fifidianana ben'ny tanàna, dia nisy mpanao gazety iray nitondra fanehoan-kevitra ka nanamafy fa misy raharaha konokononin'ny CENI-T sy ny fitondrana; izay namafisin'ny mpanao gazety hafa koa, ka nampiasany fiteny tsy mahatohina mba hilazana fa: « Saribakolin'ny governemanta, na ny fitondrana no marimarina kokoa, ny CENI-T. »

Tranga faha 22

omba fiasa tsara ihany koa ity hita tao amina onjam-peo iray ny 23 jolay 2015 ity, tsy niandany ny mpanentana ny fandaharana ahafahan'ny mpihaino mivantana raha nandray ireo fanehoan-kevitra politika samihafa avy amin'ny mpiantso niresaka ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolo-tsainan'ny tanàna. Tsy vitan'ny tsy naneho hevitra izy, fa nanaitra ihany koa ny mpanara-baovao ny amin'ny tokony handraisan'izy ireo anjara amin'ny fifidianana, ary nanazava ny mahazava-dehibe ny zon'ny mpifidy.

Deraina ny fomba fiasa toy izany satria, sady manome toerana ny fanehoan-kevitra politika avy amin'ny mpihaino, no tsy manome vahana ny tsaho, sady koa tsy mampiasa ny fandaharana ho fitaovana anasongadinana antoko politika manokana. Vao tany am-piandohan'ny fandaharana dia efa napetrany ny fanontaniana iray izay hadino matetika anefa zava-dehibe: ny fifidianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpifidy.

TSARA HOHEVERINA

Mety hametraka ny ahiahiny amin'ny fomba nentina nandalina ireo tranga voaresaka etsy ambony ny mpanao gazety: inona izany no tokony hataon'ny mpanao gazety manoloana ny ahiahy amin'ny fangalaram-bato mandritra ny fifidianana? Tsy tokony hotaterina sy tononina àary ve izany ny trangana hala-bato, fanaparam-pahefana, fandikan-dalàna ataon'ny manam-pahefana sy ny olon-tsotra? Koa raha marina kosa ny eritreririny fa ilay andrimpanjakana lehibe, toy ny CENI-T, dia tsy manatanteraka ny asany amin'ny fijery tsy mitanila, ary misy hery avy any ivelany iankinany, nahoana moa no tokony hangina ny mpanao gazety? Tokony hotandremana fatratra mihoatra ny fikarohana ny marina sy ny fitaterana ny vaovao àary ve izany ny filaminam-bahoaka sy ny fihavanana?

Marina tokoa, fa ireo tranga rehetra voalaza eo ambony ireo - fitaterana hala-bato, fanononana manam-pahefana sy mpanao politika ho nandika lalàna, fitsikerana mivantana andrim-panjakana mahakasika ny tsy fetezana eo amin'ny asany, sns - dia anisan'ny zo sy andraikitriny mpanao gazety. Saingy, tsy tokony hohadinoina fa ny fanalam-baraka, ny fivoizana tsaho sy fampitomboana ny ahiahin'ny olona, ny fanafangaroana loatra ny vaovao sy ny fanehoan-kevitra manokana, ny fiandaniana, ny fitaterana vaovao tsy feno izay mety hanodina ny sain'ny mpanara-baovao, dia fandikana ny fitsipika mifehy ny asa fanaovan-gazety.

Hajaina ny fitsipika mifehy ny asa, indrindra rehefa saro-pady ny resaka na mety hiteraka korontana eo anivon'ny fiaraha-monina. Noho izany indrindra, amin'ny ankapobeny, no mahatonga ny lalàna mifehy ny haino vaky jery mandritra ny vanim-potoanan'ny fifidianana ho hentitra kokoa.

B. IREO DISADISA (METY) HITERAKA KORONTANA MANANA ENDRIKA POLITIKA SY

MAHAKASIKA NY FANDRIAM-PAHALEMANA

Ny lafiny tsy fandriampahalemana matetika no fototry ny disadisa (*mety*) hiteraka korontana. Ny fahamaroan'ny herisetra, fandrobana sy vonoan'olona; ny tsy filaminana izay mateti-pitranga an-drenivohitra sy any amin'ny faritany ary indraindray ny fanairana mikasika ny tsy fahasalamana no miteraka ny savorovoro eo amin'ny lafiny maro. Matetika ny politika no mipoitra foana amin'ny resaka ifanaovana ary tena mibaha-toerana na dia tsy fototry ny disadisa (*mety*) miteraka korontana mivantana aza.

Tranga faha 23

Notafihan'olo-tsy fantatra mitam-piadiana ny ben'ny tanàna vaovao sy ny olona niaraka taminy tany amin'ny kaominin'i Tanamarina Bekisopa ao amin'ny distrikan'Ikalamavony raha iny handeha hamonjy fodiana iny ry zareo. Maty tsy tra-drano moa ilay niaraka taminy noho ny tifitra nahazo azy fa ny ben'ny tanàna kosa tafatsoaka. Nanamafy avy hatrany moa ny gazety iray izay nivoaka ny 9 oktobra 2015 fa « ny zava-mitranga rehetra dia mahatonga antsika mihevitra fa efa tonga amin'ny fifamonoana nohon'ny antony politika isika zao » satria avy amin'ny vondrona MAPAR ilay olom-boafidy. Io gazety io dia toa te hampifandray ny vondrona politikan'ilay ben'ny tanàna sy ilay fanandramana famonoana izay nihatra taminy, ary tena abaribariny eo amin'ny lohateny lehibe hoe « Fampihorohoroana ara-politika ve? Nisy nanafika ny ben'ny tanàna vaovao avy amin'ny vondrona MAPAR tao Bekisopa ». Na dia mbola tsy fantatra mazava aza ny anton'ny famonoana dia nisafidy avy hatrany ny mpanoratra hoe mety ho antony ara-politika io famonoan'olona io.

Tsy azo tena esorina nefa io petra-kevitra io nohon'ny tsy fisianan'ny fanohanan-kevitra mazava, dia inona no antony ivoizana resaka politika tamin'ity raharaha ity raha tokony ho azo sokajiana ho isan'ny herisetra sy vono olona tsotra, tena samy hafa mihitsy mantsy ny fiantraikan'izany any an-tsain'ny tsirairay (sy amin'ny resaka politika izay mahavaivay)?



Mialohan'ny hamoahana vaovao iray dia tsara kokoa raha izany ny manao fanadihadiana mialohatoynyfiresahanaamin'ny tena tompon'andraikitra na ireo olona voakasika mivantana, na ireo vavolombelona nanatrimaso. Tsy hoe akory fomba fiasa tsy mety io fomba fanehoan-kevitra eo ambony io.

Ny antony ara-barotra rahateo no manosika ny orinasa fanaovan-gazety hitady lohateny miavaka havoaka eo amin'ny matoan-dahatsoratra. Na izany aza anefa: tsy azo atao fototry ny vaovao ampitaina ny petrakevitra mba tsy ho lasa toy ny tena zava-nitranga mihitsy. Izany dia hiteraka fahadisoampijery mivaona amin'ny tena zava-niseho hita marina ho an'ny mpanjifa.

aitra sy nihorohoro ny mponina raha nahare ny habetsahan'ny olona naiditra hopitaly. Tao Tsiazompody no niandohan'io trangan'aretina io ary avy eo dia niparitaka nanerana ny distrika iray manontolo. Tsy voafehin'ny fitondram-panjakana ny raharaha. Tsy teto an-toerana ny minisitry ny fahasalamana tamin'io fotoana ka tsy afaka nanazava ny saim-bahoaka. Ny minisitry ny fizahan-tany aza moa tsy niresaka ny momba an'izany akory na dia ho an'ireo mpizaha tany fotsiny aza. Ny haino vaky jerimpanjakana rahateo tsy nampita ny vaovao sy ny zava-nisy marina tany an-toerana. Tokony hametra-pialana ny minisitra noho izany ».

Tamin'ny filazam-baovaom-paritra mikasika an'Alaotra Mangoro ny 27 aogositra 2015 no nahenoana ny fisian'ity disadisa (*mety*) hiteraka korontana ara-piaraha-monina vokatry ny areti-mifindra pesta ity. Manoloana ny hamehana sy ny maha zava-dehibe ara-pahasalamana ity tranga ity dia anjaran'ny haino aman-jery ny mitrandraka sy mampahafantatra ny mponina ara-potoana ny zava-baovao. Tokony hanararaotra hitrandraka ny vaovao rehetra ny mpanao gazety any an-toerana ka manatona manadihady ireo tompon'andraikitry ny fahasalamam-bahoaka mba hanentana hampafantatra ireo mety atahorana hitranga sy ny fepetra tokony horaisina ary ny paik'ady entina miatrika fiparitahan'ny aretina, mba ho an'ny tombontsoan'ny vahoaka izay tafiditra indrindra ao anatin'ny andrakitra ara-piarahamonin'ny mpanao gazety rahateo. Tsy ampy an'ireo ilay vaovao navoaka. Rariny raha mahazo tsikera ireo andrim-panjakana voakasik'izany, fa moa ve tena niresaka mivantana tamin'ireo mpitondra tokoa ny mpanao gazety? Sa nionona fotsiny tamin'ny filazana ny fahanginan'ny tompon'andraikitra ao amin'ny andrim-panjakana mba hisian'ny savorovoro politika?

D. NY DISADISA (METY) HITERAKA KORONTANA MANANA ENDRIKA ARA-TOE-KARENA:

TRANGA TETSY ANALAKELY

Tamin'ny 8 febroary 2016 lasa teo dia nitrangàna fifandonana teo amin'ny mpitandro filaminana sy ireo mpivarotra amoron-dalana tetsy Analakely. Nilanja sora-baventy ireto farany ary nikasa ny hiditra an-keriny teo antokontanin'ny biraon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Tsy tontosa moa izany noho ny fidirana an-tsehatra ara-drariny haingana nataon'ireo mpitandro filaminana.



omba fiasa tsara sy mahate-hidera roa tsikaritra tamina onjam-peo: Ny 11 febroary 2016 tao anatin'ny vaovaon'ny fahitalavitra iray; samy nalaina ny hevitr'ireo roa tonta voakasiky ny raharaha dia ny mpiva-rotra amoron-dalana sy ny tompon'andraikitry ny serasera ao anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Nampitony ny toe-draharaha ny fomba nitaterana ny vaovao ka nahatarafana fa hilamina ny raharaha tamin'ny alalan'ny fanasongadinana ny fomba nandaminan'ny mpitandro filaminana azy mba tsy hisian'ny fihoaram-pefy. Ny marainan'ny 08 janoary 2016, dia nivahiny tao amina onjam-peo tsy miankina iray ny tompon'andraikitry ny serasera eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, Rakotoarimanana Esther, mba hamelabelatra ny olana misy. Tamin'ny feo tony no nandraisan'ny mpanentana azy no sady koa nilatsaka ho mpanelanelana hatrany ity farany ka nanadihady ny fototry ny fifanolanana ary nanasa sy nitaona ny roa tonta hifampidinika sy hifanakalo hevitra. Nentaniny ireo mpivarotra amoron-dalana mba hanaja ny lalàna velona ary ny mpitandro filaminana kosa mba hampanjaka ny filaminana amin'ny fomba tony sy tsy misy herisetra.

reo fomba fiasa tsara hotohizana sy izay tokony hajanona

A mim-pahamalinana sy am-pitandremana tsara no iresahana ny disadisa (mety) hiteraka korontana; ezahina fantarina sy tombanana tsara izay mety ho fiantraikan'ny firesahan'ny haino vaky jery izany amin'ny fivoaran'ny toe-draharaha.

Tsy mamoaka vaovao tsy voamarina sy mety handiso ny iray amin'ireo mpifanandrina.

Tsy mitatitra ny hevitry ny an-kilany fotsiny.

Tsy mamoaka fanehoan-kevitr'olona manokana na fitsarana ny tranga toy ireny hoe tena marina ireny.

E zahana hatrany ny manazava ny hevitra mampifanolana ny mpandray anjara rehetra sy ny fanohanan-kevitr'izy ireo tsirairay avy.

O mena vaovao tena ilaina sy maika ny vahoaka manoloana ny trangan-javatra lehibe mahakasika ny resaka tsy fahasalamana sy tsy fandriampahalemana fa tsy mandany fotoana amin'ny resaka mampisavorovoro fotsiny.

alàna ny mamoaka ny vaovao mety hiteraka fifandonana fa kosa miezaka manazava amin'ny olona ny tena anton'ny disadisa sy izay mety ho fiantraikan'izany.

Tsara ny mitrandraka lalindalina kokoa ny zava-misy sy manome vaovao feno sady marolafy.

M ba hahafahan'ny besinimaro mandinika tsara manoloana ny toe-javatra miteraka fifandirana dia ilaina ny manadihady loharanom-baovao samy hafa.

A zo atao ny manakihana ny andrim-panjakana voakasiky ny disadisa fa tsara kokoa ny maka ny heviny mba ho fantatra ny fomba fijeriny. Ilaina kokoa ny misarika sy miantso ary mamporisika azy ireny handray andraikitra toy izay ny manenjika azy.

Tokony hitady hirika hatrany ny mpanao gazety mba hitondra fitoniana ary hijanona ho mpanelanelana sy mandroso vahaolana arak'izay tratra manoloana ny fifandirana.

5. HEVITR'OLON-TOKANA SA MAROLAFY, FIANDANIANA, TSY FITANILANA SY FAMPIELEZAN-KEVITRA

Asa fanaovan-gazety maneho fahasamihafana, tsy mitanila, tsy miandany ary marim-pototra, ireo avy ny fitsipika fototra mifehy ny asa fanaovan-gazety maneran-tany. Araka ny voalazan'ny andininy faha 10¹⁰ sy faha 11¹¹ ao amin'ny lalam-panorenana malagasy nolanina tamin'ny 2010 sy ny andininy faha 10 ao amin'ny fifanarahana eropeana momba ny zon'olombelona dia iankinan'ny fahalalahan'ny fanehoan-kevitra, ny fahalalahan'ny famoaham-baovao sy ny asa fanaovangazety ireo fitsipika fototra voalaza ireo. Antitranterina mandrakariva mandritra ny fiofanana ho mpanao gazety, ao anatin'ny toeram-piasan'ny mpikirakira vaovao, na mandritra ireo atrik'asa samy hafasamihafa momba ny asa fanaovan-gazety ihany koa fa ireo no fototra iorenan'ny asa fanaovan-gazety. Tsy hiadihevitra mikasika ny famaritana sy ny maha mitombina an'ireo fitsipika ireo isika fa raha ny voalazan'i Jean Charon¹²

dia hoe: « Marim-pototra ny asa fanaovan-gazety raha toa ka voahaja ka iangaliana ireto fepetra manaraka ireto: fahamarinan'ny mpikirakira sy ny vaovao atolotra, tsy fitanilanana, fahitsiana. Mila manaja ireo fitsipika ireo izany ny mpanao gazety mba hahatonga azy ho azo itikosana ».

Saingy raha ny iainana azy indrindra manoloana ny fahasarotan'ny lanjan'ny vaovao ankehitriny, azo antoka ve fa tsy mitanila, tsy miandany ary mari-pototra ny haino vaky jery? Tena sarotra sy manahirana ity asa ity indrindra fa efa manana fomba fijery sahady ny mpanao gazety raha vao misafidy zoro hitondrany ny fikirakirana ka misy singa sy teboka sasany voatery omena lanja kokoa noho ny hafa. Olana goavana iray izany satria ny fitaovampampitam-baovao no mampifandray sy manelanelana ny mpitondra sy ny vahoaka.

A. FAHASAMIHAFAN'NY FOMBA FIJERY





Raha vao miresaka ny fahasamihafan'ny fomba fijery eo amin'ny haino vaky jery dia tonga ao an-tsaina avy hatrany ireo karazana loharanom-baovao sy karazan-kevitra maro. Izany hoe tokony hokirakirain'ny mpanao gazety amin'ny lafiny rehetra ny vaovao sy havoaka raha tsy misy afa-tsy hevitr'olon-tokana na loharanom-baovao tokana. Tsy tokony atao noho izany ny manala na manome lanja avy hatrany ny hevitra iray amin'ireo dingan'ny fikirakkiram-baovao. Ny mpanao gazety izay tsy manome lanja afa-tsy fijery tokana dia efa miandany sahady ary mitarika mankany amin'ny fironana iray manoloana ny tena zava-misy marina. Ny tsy fisian'ny fahasamihafan'ny fomba fijery sy ny sehatra ahafahana maneho hevitra no mampisy ny zo hamaly mba ahafahan'ny milaza ny fomba fijeriny. Manana zo hamaly haneho ny heviny ny an-kolafy iray izay tsy voatonona na tsy voajery tamina famoaham-baovao iray.

ahatsoratra navoakan'ny gazety mpiseho isan'andro iray ny 28 septambra 2015 nitondra ny lohateny hoe « Raikitra ny tarondrologie (fiovana loko) : nivadika ho mpitoraka voninkazo ho an-dRavalomanana i James Ratsima ». Nanimba ny fiheveran'ny olona ilay mpanao politika voatonona io lohateny io noho ireo teny manaratsy nosoratana momba azy. Voatery namaly izany ity voakasika ny ampitso, ka tamin'ny alalan'ny taratasin'ny mpamaky no nanaovany izany fa tsy nampiasa ny endrika mahazatra ho an'ny famalian-dahatsoratra. Heverina fa anisan'ny anton'ny safidiny ny namoahany ihany koa ny lahatsorany tamina gazety hafa ankoatran'ilay nanala baraka azy. Tamin'io andro io ihany, nisy gazety iray avy eto an-drenivohitra namoaka lahatsoratra miendrika fanalam-baraka ny ben'ny tanànan'Andranomanelatra. Napangain'ilay gazety ho nanao famindram-pahefana mialohan'ny fotoana izy ary dia nolaviny tamin'ny alalan'ny taratasin'ny mpanoratra izany ny 29 septambre 2015.


Marihana fa gazety iray ihany no namoaka ireo tranga roa ireo. Araka ny lalàna mifehy ny serasera 13, ny didy hitsivolana momba ny fahitalavitra sy ny onjam-peo 14 ary ny sata mifehy ny asa fanaovan-gazety 15 dia tsy maintsy omena fotoana sy toerana ahafahany maneho hevitra ny olona voa-tonona manokana ka nahatsiaro tena ho voatsindrona tao anaty lahatsoratra/fanadihadiana iray. Azo atao koa anefa ny mangataka fanitsiana ny zavatra voalaza. Mampihena ny zo hamaly ary miantoka ny fahafenoan'ny vaovao ny fanomezan-danja ny fahasamihafan'ny fanehoan-kevitra. Ny fanajana sy fanomezana io zo hamaly io tamin'ireo seho roa voalaza dia isan'ny fomba fiasa tsara na dia tsy izay ihany aza ny sehatra hahafahan'ny olona voakasika manamarina na mamaly ireo teny nanala baraka azy. Ny fahamaroan'ny fanehoan-kevitra ao anatin'ny asa fanaovan-gazety dia hahafahana misoroka io zo hamaly io, fa indrindra koa hanomezana vaovao « feno » ho an'ny rehetra.

B. NY FITANILAN'NY HAINO VAKY JERY

Maro ny endrika isehoan'ny fiandanian'ny haino vaky jery. Ohatra amin'izany ny fiandaniana amin'antoko iray, fironana amin'ny hevitra na antoko iray, ny fiarovana olona iray/antoko, ny fanomezana tombon-dahiny olona iray mihoatra ny hafa, ny manilika na manasoasoa hevitra ho fanosihosena ny hafa sns.

Ny tsy fitanilanana ihany no miantoka ny hatsaran'ny vaovao : vaovao (feno, marolafy ary misokatra amin'ny sehatra sy ny olona rehetra).

Nandritra ny fanaraha-maso natao no nahafantarana fa ny ankamaroan'ireo haino vaky jery ahitana fiandaniana na fironana dia saika an'ny mpanao politika na ny manodidina azy avokoa, sy an'ny vondrona haino vaky jery natokana hivoizan-kevitra.



N tranga tena ahitana tsara io fiandanian'ny haino aman-jery io dia ny resaka manodidina ny filoha teo aloha Ravalomanana. Ao ireo gazety momba sy miaro hahatsara laza ity filoha teo aloha ity sy ireo mpiara-dia aminy na ihany koa ny mifanohitra amin'izany. « Azo heverina fa hiandry ny fiverenan'ny vadin'ny Ben'ny tanàna avy any ivelany vao hotanterahina ny famindram-pahefana eo amin'ity farany sy ny filohan'ny delegasiona manokan'ny tanànan'Antananarivo satria ainga vao ho an'ny fiverenan'ilay Filoha teo aloha eo amin'ny fitondrana ny nahalany ny vadiny.». (21 septambre 2015). « Tsy manaja ny fitsipi-pitondrantenan'ny tontolo politika mihitsy i Ravalomanana mivady : Rangahy moa dia nanao hosoka mba ahazoana ny fitondrana tamin'ny taona 2002 sy 2006, ramatoa vadiny kosa dia naleony nividy ny CENI-T sy ireo mpifidy toy izay nandray anjara amin'ny adihevitra mivantana ». (Gazety mitovy 21 septambra 2015). « Manilika an-dRavalomanana ny minisi-panjakana miandraikitra ny Tetik'asan'ny Filoha sy ny Fanajariana ny Tany ary manome tombon-dahiny ireo mpampiasa vola avy any ivelany », hoy ity gazety iray raha niresaka ny raharaha tany eo Andohatapenaka, (9 septambra 2015).

Tsara ny manamarika etoana fa indraindray tena miharihary ny fitanilàn'ireo haino vaky jery (na miandany na manohitra) ary manaratsy tsotra izao na manao fampielezan-kevitra: ny fampiasana voambolana manokana ao anaty lahatsoratra iray mikasika lohahevitra iray entina hanohanana ny fomba fijery, ny fampiasana mpamari-toetra ratsy ny olona tiana hokianina: « mpanao hosoka, mpanararaotra, tsy misy fotony, mpanao tsolotra ». Misy ihany koa ny fiandaniana izay azo leferina noho ny votoatiny izay tsy mifanalavitra amin'ny fitsipika mifehy ilay haino aman-jery. Tsy ilaina anefa izany raha hanao tatitra ny zava-misy iray.

D. NY FAMPIFANGAROANA NY VAOVAO SY NY FAMPIELEZAN-KEVITRA ARY NY DOKAM-BAROTRA

Fitaovana tena mahomby ny orinasa fanaovan-gazety sy ny haino vaky jery raha hanao fampielezan-kevitra noho izy ireo manefy ny fomba fihevitry ny vahoaka. Ny fampielezan-kevitra dia asa entina mandresy lahatra ny vahoaka mba hanaiky ny foto-kevitra, hevitra na firehan-kevitra iray. Ka izany no mahatonga ny firehana politika sasany hanangana trano fanaovan-gazety na haino aman-jery ho azy manokana.

Na izany aza anefa, mitsipaka ny fironana sy fiandaniana amin'olona na foto-kevitra iray ny sata mifehy ny asa fanaovan-gazety ary manentana ny hanavahana tsara izany asa izany amin'ny ny asan'ny mpanao dokam-barotra sy ny fampielezan-kevitra. Ny hita aloha dia tsy misy orinasa fanaovan-gazety (*tsy ny ana antokom-pinoana*) afa-miala amin'ny firehana politika satria rehefa tsy mpanao politika ny tompony dia mpandraharaha ara-toekarena na misy ifandraisana amin'izany.

Tranga faha 28

isy gazety iray nivoaka ny 26 aogositra 2015 izay nanindrahindra ny mpanao politika Edgard Razafindravahy nandritra ny fivahinianany tany amin'ny faritra Anosy. Lahatsoratra mandoka mameno ny 3/4 pejy no natokan'ilay mpanao gazety ho an'ity filohan'ny antoko Aro sy Dinan'ny Nosy ity fa izy dia : « azavana iray anivon'ny haizina» sy «mpitarika tena mahay ». « Ny antoko ADN dia manana tetik'asa izay mifototra amin'ny fampandrosoana maharitra eny ifotony, tsy miandry ny fitondrana foibe.» Efa mahazatra ny lahatso-ratra mifono fampielezan-kevitra ho an'ny mpanao politika toy itony. Maro amin'ireo vondrona orinasa fanaovan-gazety no an'ny mpanao politika, ka na izy tena tompony na olona akaiky na mpiara-miombondraharaha amin'ilay tompony. Ireo mpanao politika rahateo dia mitady ny fomba rehetra hampalaza ny tenany sy manaparitaka ny firehan-kevitra ijoroany mba hahazoana ny fahefana. Izany hoe ny tanjon'ny mpanao politika dia tsy voatery hifanojo hatrany amin'ny zavatra takian'ny asa fanaovan-gazety matihanina.

y vaovao tamin'ny 8 janoary 2016 tamin'ny fahitalavitra iray dia saika nifantoka betsaka tamin'ny fitanisana ny asa sy ny ezaka vitan'ireo andrimpanjakana sy sampan-draharaham-panjakana samihafa. Ny fomba nentina nampita ny kabary firarian-tsoa nataon'ny Filoham-pirenena nandritry ny fifampiarahabana nahatratra ny taona vaovao no tena nahaliana indrindra. Na dia niteraka resabe aza ny tenin'ny Filoha, dia nionona fotsiny tamin'ireo fanehoan-kevitr'ireo mpomba ny fitondrana ilay fahitalavitra, ary dia nanindrahindra diso tafahoatra ny Filoha sy ireo andrim-panjaka.

Tsy vitan'ny nampita nivantana ilay lanonana nandritry ny tontolo andro ilay fahitalavitra fa mbola namerina nandefa ny kabarin'ny Filoha tao anatin'ny vaovao niaraka tamin'ny hevitr'ireo mpanohana azy. Safidy manome vahana ireo mpanao politika manohana ny fitondrana izany.



Tranga faha 30

y sampandraharahan'ny mpamokatra fanafody sy ny fitsaboana nentim-paharazana eo anivon'ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka dia namoaka fehezan-kevitra mandrara ny fanaovana dokam-barotra mifandraika amin'ny fitsaboana sasantsany sy ny vokatra vokariny. Io fanambarana io dia milaza fa « mahavoasazy na mampigadra ny fanaovana dokam-barotra mifandraika amin'ny vokatra sy fahatsaran'ny fitsaboana nentimpaharazana amin'ny gazety, na haino aman-jery, na amin'ny aterineto. Toy izany koa ny fitrandrahana ny lafiny tsara, ny famoahana anarana sy mombamomba ny mpitsabo nentim-paharazana na fitsaboana hafa mifameno amin'izany. » Tsy nitonona anarana ny nanoratra ireo lahatsoratra roa nivoaka tamin'ny 26 aogositra 2015 ireo izay mifandraika indrindra amin'ilay fanambaràna navoaka. Ny voalohany mankasitraka an'i Aina, mpanasitrana, ary ny faharoa niresaka an'i Maître Feno sy ramatoa Sitraka izay samy mampiasa ny fitsaboana nentimpaharazana. Samy namoaka ny laharana finday ahafahana miantso azy ireo ny gazety ka izany no mahasarika ny saina hilaza hoe dokam-barotra io resahana io. Na dia misy aza ny fampitandremanana nataon'ny ministeran'ny fahasalamana dia mahazo sehatra hatrany eny amin'ireo gazety maro ity fanaovana dokam-barotra voarara ity. Izany dia miseho amin'ny endrika lahatsoratra voarindra miaraka amin'ny lohateny lehibe, sary, fanazavana ny sary, lohateny isan'andininy ary fitaritan-dahatsoratra ary dia hita amin'ny matoan-dahatsoratra mihitsy aza. Rehefa vakiana anefa ny votoatiny dia tsikaritra fa dokam-barotra izany soratan'ny mpanao gazety iray manindrahindra sy mandoka ny zava-bita tsaran'ilay mpanasitrana. Na dia mirindra tsara aza ilay endrika dia ho voafitaka foana ny mpamaky satria tsy voatsindry mazava ho dokam-barotra ireny. Fehiny, ny serasera sy ny fampahalalam-baoyao dia afaka miaraka tsara mba ho tombotsoan'ireo mpiserasera izay mamitaka ny vahoaka. Aiza ho aiza ny andraikitry ny orinasa fanaovan-gazety sy ny mpanao gazety manoloana ny fomba fiasa tahaka izany? Ny orinasa fanaovan-gazety dia tsy maintsy manazava na dia misy aza ny fitakiana ara-barotr'ireo mpanao serasera.

IREO FOMBA FIASA TSARA HOTOHIZANA SY IZAY TOKONY HAJANONA

Na ahoana foto-kevitra ijoroan'ny orinasa fanaovan-gazety ary na inona loko politikan'ny tompony, ny mpanao gazety dia manan-jo handahatra hevitra sy soson-kevitra samy hafa. Mampitombo ny fahatokisana ny mpanao gazety ary mahatsara laza gazety ny fomba fiasa matianina toy izao.

Mba ahatongavana amin'izany dia:

- Henoina ny hevitry ny hafa mifanohitra amin'izay efa hevitra tian'ny ny mpanao gazety havoaka ary iray hafa momba azy
- Manàna saina tia karokaroka manoloana ny vaovao rehetra sy ny loharanom-baovao
- Alalinina tsara ny lafiny rehetra momba ny tranga iray ary tsy mianona fotsiny amin'ny fitantarana ny zava-nitranga na mihaino feon-dakolosy tokana
- Tsy milina akory ny mpanao gazety fa manana ny heviny sy izay maharesy mahatra azy manokana izy. Fa tsara kokoa raha manaja ny fifanarahana nataony tamin'ny vahoaka izy, izay tsy hafa moa fa ny fitsinjovana ny tombotsoany.

Mila sarahana mazava tsara sy miavaka ny vaovao sy ny dokam-barotra:

- Aza apetraka ny anaran'ny mpanoratra ho an'ireo lahatsoratra miendrika dokam-barotra na tena dokambarotra
- Soritana mazava tsara ireo fanadihadiana: mitandrina tsara amin'ny famoahana ny lahatsoratra miendrika dokam-barotra nefa navadika vaovao araka ny fangatahan'ny loharanom-baovao na taorian'ny fifanarahana am-bava natao niaraka tamin'ny tompon'andraikitra ara-barotra (fanohanana hetsiky ny orinasa iray, hetsika ara-barotra karakaraina vondrona iray, fanolorana vokatra vaovao vao haparitaka amin'ny tsena, fisokafana sekoly, ...)

Mampita vaovao fa tsy miserasera:

- Mitandrina amin'ireo vaovao efa « voaomana mialoha » satria ireny dia mikendry hatrany ny hanatsaràna sy hanomezana vahana ny orinasan'izy ireo. Amporisihina hatrany ny famerenana ny fikirakirana ireny vaovao, nampiana singa na hevitra hafa, ary manao fikarohana hahafeno ny vaovao atolotra.
- Ny tombotsoan'ny maro no tsinjovina, mba tsy ho ny fivarotana ny vokatra hatrany no hibahana (*toy ny tranga mikasika ny mpanasitrana izay mihevitra fa nanasitrana aretina*)

Hadihadio sy hamarino ny vaovao:

- Manoloana ny fifaninanana hamoaka vaovao, mety tsy manam-potoana foana ny mpanao gazety hanamarinana vaovao iray dia tsy manam-potoana ihany koa hanatonana loharanom-baovao samihafa. Mba hahatsara sy haha matianina ny asa, amporisihina ny mpikirakira vaovao mba tsy hamoaka afa-tsy vaovao voamarina, avy amina loharanom-baovao fantatra ary misy, vaovao feno ary samihafa. Izany dia mba hisorohana ny fiakaran'ny mpanao gazety fitsarana noho ny fanaparitahana vaovao tsy marina sy ny fanaovana lahatsoratra fanitsiana na valin-dahatsoratra.
- Mahafantatra sy mahay miaiky ny fahadisoany ny mpanao gazety. Noho izany ny valin-dahatsoratra dia ho raisina toy ny fanazavana na fanitsiana ny vaovao diso. Tsy ilaina intsony ny mamoaka lahatsoratra iray vaovao hanoherana na hanamarinan-tena manoloana ny fanitsiana ataon'ny olona voakasiky ny vaovao navoaka tany aloha.
- Tsy manaisotra ny maha tompon'andraikitra ny mpanao gazety amina fanadihadiana tsy maripototra nataony ny fampiasany voambolana maneho tsy fahazoana antoka ny fahamarinan'izany. Na ahoana no fomba nanoratany ny lahatsoratra iray, ny vaovao iray nivoaka ary efa hitan'ny olona maro dia mety hanohitohina fiainan'olona manokana, ny fihetseham-pony, ny fomba fiheverana olona na vondron'olona manoloana ny toerany eo anivon'ny fiaraha-monina, ny asany ary ny finoany.

- 1 Ohatra amin'izany ny Fifanarahana Iraisam-pirenena Mikasika ny Zon'ny Olompirenena sy ara-Politika, andininy faha 19 sy 20; Fanambarana ireo Foto-kevitra Iorenan'ny Fahafahana Maneho Hevitra an-kalalahana aty Afrika, Foto-kevitra faha II sy faha XII; Fifanarahana Eropeanina Momba ny Zo maha Olona, andininy faha 10; Fifanarahana Amerikanina Momba ny Zo Maha Olona, andininy faha 13; Fifanarahana Afrikanina Momba ny Zo maha Olona sy ny Zon'ny Vahoaka, andininy faha 9.
- 2 Milaza ny andininy faha 28 sy faha 29 ao amin'ny volavolan'ny Lalàna mifehy ny Serasera eto Madagasikara fa: Andininy faha 28: Ny fanasoketana na fanaratsiana imasom-bahoaka amina tranga tsy marina ka misy fiatraikany amin'ny haja na fiheverana olona na vondrona iray dia sokajiana ho fanalana baraka raha toa ka miteraka fahavoazana ho an'ilay voakasika mivantana.
 Andininy faha 29: ny fiteny tafahoatra, mankahala na manaratsy ambara tsy misy tranga mifandraika aminy nefa mikendry olona manokana dia sokajiana ho fanaratsiana.
 Ny Fifanarahan' Andraikitra natao ho an'ny famoaham-baovao amin'ny vanim-potoanan'ny fifidianana dia milaza fa nanaiky tsy hanao lahatsoratra na hanao fomba fiteny manaratsy, manala baraka izay mety hanohina ny fahamendrehan'ny mpilatsaka hofidiana na vondrona politika ny haino vaky jery. Tsy azo avoaka amin'ny haino vaky jery ny lahatsoratra na fomba fiteny mankahala sy mandrangitra herisetra. Tsy maintsy manaraka izany fitsipika izany ihany koa ny fomba firesaky ny olompirenena na amin'ny onjam-peo na an-terineto.
- 3 http://www.incipals.eu/monitoring-des-medias/rapports-umm
- 4 Ny GMMP na Global Media Monitoring Project dia tetikasa iraisam-pirenena izay manao asa maro samihafa ary anisan'izany ny fanaovana fanadihadiana isaky ny 5 taona ny fiheverana ny vehivavy amin'ny haino vaky jery eran'izao tontolo izao. Ahafahana mampitaha ny zava-misy any amin'ireo firenena mandray anjara ny vokatry ny asa, ahafahana ihany koa mampitaha ny fivoarana araka ny vanim-potoana. Azo jerena ao amin'ny http://whomakesthenews.org ireo vokatra ireo.
- 5 Asaina ireo izay liana mba hijery ny tahirin-kevitra mitondra ny lohateny hoe "Femme et presse écrite au Maghreb. Amélioration de la représentation des femmes dans les médias au Maghreb » (Ny vehivavy sy ny gazety an-tsoratra any Maghreb. Fihatsaran'ny fiheverana ny vehivavy amin'ny haino vaky jery any Maghreb), nosoratan'ny Osservatorio di Pavia ho an'ny UNESCO tamin'ny 2013. Ahitana soson-kevitra maro avy amin'ny mpanao gazety samihafa ao raha hiresaka momba ny fitovian'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny endriny tsara sy araka ny iainana azy ankehitriny. Notsongaina avy tamin'izany ny ankamaroan'ireo soso-kevitra aroso ato amin'ity sokajy ity.
- **6** Lahatsoratr'i Christiane De Craecker-Dussart, mitondra ny lohateny « Les rumeurs : une source d'informations que l'historien ne peut négliger », tranokala cairn.info.
- 7 Jereo ny « Rapports de l'UMM sur les Propos illégitimes et les Foyers de tension », rohy : http://www.incipals.eu/monitoring-des-medias/rapports-umm.
